



Toetoetry ny mpitondra sy vinam-piarahamonina ho an'i Madagasikara

Valim-panadihadiana

Jona-Septambra 2023

**FRIEDRICH
EBERT 
STIFTUNG**

Publié par Friedrich-Ebert-Stiftung (FES) Madagascar
Villa Martrat, Ankadifotsy
Lot IVC 106 Ambatomitsangana
Antananarivo 101, Madagascar
Tél : +261 20 22 344 24
Email : info@fes.mg
<https://madagascar.fes.de/>

Tous droits réservés

© 2023

Les résultats, interprétations et conclusions exprimés dans cet ouvrage ne reflètent pas nécessairement les opinions de la Friedrich-Ebert-Stiftung. La FES Madagascar ne se porte pas responsable de l'exactitude des données présentées dans ce document.

Toute vente ou utilisation à des fins commerciales des médias publiés par la Friedrich-Ebert-Stiftung (FES) est interdite sauf autorisation écrite de la FES.

Cette publication a été cofinancée par l'Union européenne. Son contenu relève de la seule responsabilité de son auteur et ne reflète pas nécessairement les points de vue de l'Union européenne.

Topimaso

NY TONTOLO SY NY TANJON'NY FANDINIHANA	5
FANOLORANA SY FAMAKAFAKANA	7
FOMBA NANATONTOSANA NY FANADIHADIANA	21
Lafiny fakankevitra	22
Lafiny fanadihadiana	23
SONGADINA	27
FIZARÀNA 1 : TOETOETRY NY FILOHA	31
Lafiny fakankevitra	32
Lafiny fanadihadiana	36
FIZARÀNA 2 : VINAM-PIARAHAMONINA	47
Lafiny fakankevitra	48
Lafiny fanadihadiana	52
FIZARÀNA 3 : FIDIRAN'NY OLOMPIRENENA AN-TSEHATRA	81
Lafiny fakankevitra	82
Lafiny fanadihadiana	84



**NY TONTOLO SY
NY TANJON'NY
FANDINIHANA**



Ny fifidianana Filoham-pirenena farany dia nampiseho ny tsy fiasandohan'ny ankamaroan'ny mponina malagasy amin'ny raharaham-bahoaka sy ny raharaha politika eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Manembatsembana izany toejavatra izany noho izy mampitandindon-doza ny demokrasia ka mety ho loharanon'ny krizy indray aorian'ny fifidianana ho avy ato ho ato. Noho izany, amin'izao ankatoky ny fifidianana ny ho filoham-pirenena izao, dia tanterahana ny fandinihana mba hanolorana sehatra fanararaotra ho an'ny olompirenena, hanehoany ny fomba fijeriny sy izay andrasany ary iriny ho toetoetra filamatra tokony hananan'ny mpitondra an'i Madagasikara, sy izay ho vinam-piarahamonina sahaza hampandroso ny firenena. Izany sehatra fanehoan-kevitra izany dia entina ihany koa mampahatsiahy ny olompirenena fa ny mizara ny heviny dia tsy zo fotsiny ihany fa adidy amin'ny firenena ihany koa.

Tamin'ny alalan'ny fakankevitra sy ny fanadihadiana no nahafahana nanangona ireo hafatra avy amin'ny olompirenena ho an'izay ho mpanapa-kevitra eto amin'ny firenena, dia izay mahakasika :

- Ny toetoetry ny Filoha filamatra, araka ny fahitan'ny olompirenena azy
- Ny mombamomba ny Vinam-piarahamonina, araka ny fahitan'ny olompirenena azy.

Ny fandinihana dia nahafahana ihany koa nanombatombana ny fahatsapan'ny olompirenena ireo lokanadin'ny demokrasia.





**FANOLORANA SY
FAMAKAFAKANA**



Ireo Fiheverana momba izay lainan'ny Olompirenena ny Demokrasia

Araka ny vokatry ny Fakankevitra sy ny Fanadihadiana mahakasika
ny Toetoetry ny Filoha sy ny Vinam-piarahamonina



Rehefa dinihina lalina ny tantaran'ny fiarahamonina politika, ka ampitahaina ireo vanimpotoana sy tranga manerantany mahakasika ireo fomba noforonina hanendrena mpitondra, dia hita soritra fa ny fifidianana ny filoha amin'ny alalan'ny latsabato mivantana andraisan'ny daholobe anjara no heverina fa fanao mety indrindra, mba tsy ilazana fa lalana tsara indrindra, ahafahana manapakevitra ny amin'ireo kandida izay maniry ny haka io toerana ambony iray io. Ny marimarina kokoa dia izay no fomba tsotra satria izay no ahafahan'ny olompirenena (na ny maro an'isa amin'ny olompirenena) manendry ny lehilahy na ny vehivavy tiany hipetraka amin'io toerana manan-daza be mpaniry io sy hiteny amin'ny anaran'izy ireo sy ho an'ny tombontsoan'izy ireo. Fihaonana malaza eo amin'ny lehilahy iray (na vehivavy iray) sy ny vahoaka ny fifidianana filoham-pirenena.

Lokanady politika fototra sy fotoana manan-danja loatra ho an'ny demokrasia ny fifidianana ny filoha. Ny mifidy Filohan'ny Repoblika dia midika fisafidianana toetoetra sy fandaharanasa fa tsy mesia mitondra vahaolana mahagaga akory. Mety hananosarotra ny fisafidianana olona iray amin'ireo kandida maro, indrindra raha tsy misy ny masontsivana matotra enti-manavaka ireo mpifaninana samy hafa. Mety hiditra an-tsehatra ny fitsara an-tendrony sy ny badobadon-kevitra mandeha ho azy izay mitarika ny

mpifidy hifikitra amina fihetsehampo am-boalohany ateraky ny endrika manintona maso na tsy tian-ko zahana arakaraka ny fahitana ny fijoron'ny kandida, ny bikany, ny fananany na ny lalana nizorany¹, ho babo fotsiny tsotra izao noho ny fahaizan'ny kandida mandaha-teny, ho revo amin'ny donteny², hianina amin'ny rohim-pifandraisana vokatry ny fifampindanianana na ny fanarahan-drenirano araka ny fironana politikan'ny fianakaviana.

Raha naneho ny hetahetany ny olompirenena tao anatin'ny fitsapan-kevitra izay nampivadiana ny fakankevitra mivantana sy malalaka tamin'ny fifampiresahana mitokana taman'olona tsirairay araka ny fenitra voafaritry mialoha, dia nametraka marika izy ireo ahafahany manao safidy voahevitra mba hikendreny manokana izay olona heveriny fa manana izay rehetra ilaina enti-manatanteraka ny andraikitra ny Filohan'ny Repoblika.

1 « Sady bôgôsy no manana », « Aleo mamba voky toy izay mamba noana », « Ataoko manankarena daholo ianareo, « Minoa fotsiny ihany ».

2 « Ny vahoaka no programako », «Aza matahotra! Minoa fotsiny ihany », « Tsy lahatra ny fahantrana », « Vahoaka manova, vahoaka voky, vahoaka mahay, vahoaka tompon'Andraikitra », « Ny vahoaka aloha no andrianina », « Masoandro vaovao, fiainana vaovao », « Inty aho, iraho ».

Filoha manao ahoana ho an'i Madagasikara ?

Mipoitra etsy sy eroa ny teny voalohany tonga ho azy ao an-tsain'ny olona nanontaniana izay mampibaribary fa mahatohina azy ireo ny soatoavina momba ny maha-olona, ny etika (fitsipi-pitondranta), ny moraly (fahaiza-manavaka ny tsara sy ny ratsy), eny fa hatramin'ny lafiny fivavahana mihitsy aza. Olona mahitsy sy marina, mpandala ny rariny sy tsy mitanila, be fitiavana sy tia mihaino ny hafa no tian'izy ireo hiandraikitra ny asan'ny Filohan'ny Repoblika, ary afaka mamaly ny hetahetany sahala amin'ny « raiamandreny »³. Io fihevitra mifototra amin'ny "Filoha raiamandreny" tamin'ny andron'ny Filoha Zafy Albert io dia voasoratra mazava tsara tao anaty Lalampanorenan'ny Repoblika Fahatelo, saingy nofoanana tao amin'ny Lalampanorenana nasiampanitsiana taorian'ny fiverenan-dRatsiraka Didier teo amin'ny fitondrana. « Tsy hoe tsy nisy akony tamin'ny fifampitondrana io fanindrahindrana ny maha-raiamandreny io. (...) Tsy azo ampiarahina amin'ny andraikitra ny filoha raiamandreny ny anjara asan'ny mpitandro ny Lalampanorenana sy ny mpiantoka ny fitondrana tsara tantana, ny ady amin'ny kolikoly, ny etika »⁴. Ny filoha izay « matahotra an'Andriamanitra, Allah na Zanahary » dia toa manome antoka azy ireo, ary ny filoha tanora izay midika « fijery vaovao, fahakingana, favitrihana ara-tserasera ary zava-baovao tanteraka mihitsy » no mety hahasarika ny olompirenena.

Tsy nahagaga fa nandritra ny dinidinika malalaka nifanaovana, dia nipoitra niaraka tamin'ny adihevitra lehibe momba ny raharaha ankehitriny ny mahakasika ny firosahan'ireo izay mizaka zompirenena roa sosona amin'ny fanaovana politika - taorian'ny fivoahan'ny vaovao mahakasika ny zompirenena frantsay ananan'ny Filoha Rajoelina Andry - izay toa nodianty hita hatreto na nandefarana⁵. Ny fananana zompirenena malagasy dia malagasy irery ihany no ankasitrahan'ny olompirenena ho fisorohana ny fifangaroan'ny tombontsoa sy ny olan'ny tokimpanoavana. Manamafy izany ny isa azo tamin'io fanontaniana io : ny 84%-n'ny olona nanontaniana dia mihevitra fa izay ho Filohan'ny Repoblika ho avy eo dia tokony mizaka zompirenena malagasy irery ihany. Ny ambiny kosa dia tsy nametraka ny fizakàna zompirenena roa ho masontsivana goavana (8%) na ihany koa tsy mahita

3 Ny « raiamandreny » na ray aman-dreny no miahy ny zanany.

4 Raveloson Jean-Aimé, mpahay sôsîôlôjia, tao amin'ny gazety boky Revue de l'Océan Indien, aogositra-septambra 2013.

5 « Iharan'ny tsy fampiharana ny fandràna ny fizakana zompirenena roa sosona araka ny nahimpo. Eny, etoana ny heviteny dia tsy inona loatra manoloana ny fampiharana. Araka ny fanombanana tamin'ny taona 2016 dia misy Malagasy miisa 100 000-140 000 monina any Frantsa. Ny 35%-n'ireo mpivahiny any an-tanin'olona ireo dia Malagasy mizaka zompirenena roa ny 45% ary mizaka zompirenena frantsay ny 20%. (...) Miroso hatrany amin'ny fanadinoana miandalana ny firenena. Tsy ahitan-teny loatra, ohatra, ny manampahefana malagasy mahakasika ny fanesorana ny zompirenena malagasy na tsapanany aza ny fizakan'ny teratany sasany zompirenena roa. Ambonin'izay, ahitana soritra fifanoherana mahakasika ny fizakana zompirenena roa ny Fehezandalana. Raha mandrara an-kitsirano ny andiny faha-42, manome alalana an-kolaka kosa ny hafa. Izany no mahatonga ny Fehezandalana ho tsy manery ny olona nomena zompirenena malagasy hanary ny zompirenena nananany tany am-boalohany ». Ando Lova Razafiarison, Laurent Andrianasolo Ratsimatahotrarivo, Richmond Zafera, Noro Ravaozanany, Rapport sur le droit de la nationalité : Madagascar.

lafiratsiny amin'izany (2%). Azo anazavana ny hevitr'ireo 2% ambiny ilay fiteny mahazatra hoe « vazaha taratasy » entimilaza ny Malagasy mizaka zompirenena frantsay: Frantsay an-taratasy izy ireo saingy mijanona ho Malagasy hatrany ny rà mikoriana ao anatiny. Lasan-davitra kokoa ny sasany ary manitrikitrika ny maha-« Malagasy ray sy reny, teraka sy lehibe teto Madagasikara, miteny malagasy, mahay ny fomba malagasy... »⁶. Mifanohitra amin'ny fotokevitra ny Lalampanorenana sy ny Fehezandalàna momba ny zompirenena izay hevitra izay⁷ kanefa mifanjohy amin'ny fronana narahan'ny fanitsiana ny Lalampanorenana tamin'ny 2007. Ny mpirotsaka hofidiana amin'ny andraikitra ny Filohan'ny Repoblika dia tokony ho teratany malagasy ray sy reny.

Lehilahy sa vehivavy no lohan'ny firenena ? Nandeha ho azy ny nanehoan'ny olompirenena hevitra mikasika io teboka io sy nanamafisany tsy am-pisalasalana fa an'ny lehilahy ny asan'ny Filohan'ny Repoblika. « Toy ny hafahafa izany eo ambany fahefam-behivavy izany » satria ao amin'ny fiarahamonina malagasy sy ny kolotsaina kristiana dia « ny lahy no lohan'ny vavy »⁸. Na nilaza aza ny 48%-n'ny nanontaniana fa tsy manao ho zavadehibe ny mahalehilahy na ny maha-vehivavy ny Filoha malagasy vaovao. Resy lahatra ny 40% fa havanana kokoa amin'io andraikitra io ny lehilahy, raha 12% monja no nanaiky ny fitazonan'ny vehivavy azy. Noho izany, tsy mbola ato ho ato no hahitana vehivavy ho tafakatra amin'ny toerana avo amin'ny fitantanana ny firenena na dia nitana anjara toerana lehibe aza ny vehivavy teo aloha hatramin'ny fiakaran'ny taonjato faha-19. Nisy vitsivitsy izy ireo no sahy nirotsaka kandidà ho filoham-pirenena. Miisa 9 izy ireo hatramin'ny niverenan'ny fahaleovantena saingy tsy tafahoatra ny fetra napetra'ireo raikitampisaka eo amin'ny fifampitondran'ny lehilahy sy ny vehivavy izay nampivoaka sempotra azy ireo aloha hatreto⁹, eny fa na dia eo amin'ny samy mpanao politika aza. Tsy mbola manaiky ny fampifandanjana isa ny lehilahy sy ny vehivavy ny mpikambana ao amin'ny antoko politika izay nanontaniana, ka ny 30%-n'izy ireo dia mirona amin'ny itantanana'ny lehilahy ny firenena, raha manaiky ny vehivavy kosa ny 10%. Mbola mitoetra lalina ao an-tsain'ny Malagasy ny fiheverana ny maha-andraikitra

6 Malagasy ray sy reny, izay teraka, nitombo ary hilevina eto Madagasikara, miteny malagasy sy mahafehy ny kolotsaina malagasy...

7 Lalampanorenana and. 46 - Ny mpilatsaka ho fidiana Filohan'ny Repoblika dia tsy maintsy mizaka ny zompirenena malagasy ; Fehezandalàna mahakasika ny zompirenena And. 9 - (Lalàna faha 2016-038 tamin'ny 25 janoary 2017). Malagasy ny zaza nateraky ny ray sy/na reny malagasy.

8 Lasa fiteny raikitampisaka amin'ny Malagasy.

9 Efa taty amin'ny taona 1992, izany hoe telopolo taona mahery taorian'ny fahaleovantena, vao nisy vehivavy - Tsiranana Ruffine - nandray anjara voalohany tamin'ny fifaninanana hanao filoham-pirenena tamin'ireo kandidà miisa valo ka 3,51 ny isanjaton'ny vato azony. Mazava be izay ary dia nahinga aloha teo satria tamin'ny 1996 dia lehilahy daholo ny mpifaninana miisa 17 nanoloana ny mpifidy. Torak'izany ihany koa ny tamin'ny 2001 izay nahitana mpifaninana efa-dahy. Dimy ambin'ny folo taona latsaka taty aoriana vao sahy namaky lay Ravelomanantsoa Elia izay nahazo ny laharana faha-7 tamin'ny 14 araka ny vokatra ka ny 2,56%-n'ny vato manankery no azony. Tamin'ny 2013, dia vehivavy miisa roa - Saraha Georget sy Rasamoelina Brigitte - no niatrika lehilahy miisa 31. Samy nahazo isam-bato 4,35% sy 1,38% avy izy mirahivavy. Dimy taona taty aoriana, tsy nisy na iray tamin'ny vehivavy miisa dimy nirotsaka hofidiana -Bezaza Eliana, Rabeharisoa Sarah, Fanirisoa Ernaivo, Ramaroson Arlette ary Rasolovoahangy Emma - tamin'ny mpiady toerana miisa 36 no nahazo isam-bato mihoatra ny 1%.

natokana ho an'ny lehilahy ny asan'ny filoham-pirenena. Hita misongadina amin'ny fijerin'ireo efa zokinjokiny izany (60 taona sy mihoatra: 50% ; 50-54 taona : 49% ; 40-44 taona : 47%) eny fa na ny an'ny vehivavy ihany koa aza (37%). Mbola miandry fotoana lavalava vao hamaka tanteraka amin'ny kolotsaina eto amin'ny firenena ny fitoviana amin'ny maha-lehilahy na maha-vehivavy. Misy tsirim-panantenana ihany anefa nivoitra tamin'ny fanadihadiana: ny 48% dia efa miala amin'ny fitanilana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, ary tanora 18-19 taona ny 61%-n'ireo. Azo atao ny manova ny fironana amin'ny alalan'ny fanabeazana raha dinihana ny fijerin'ny 74%-n'ny vondrona kinendry izay manana ny bakalorea na nandia fianarana ambony. Ho azy ireo dia samy afaka mitondra ny firenena avokoa, na ny lehilahy na ny vehivavy. Manana fijery manome lanja kokoa ny miralenta eo amin'ny fahefana ireo izay manana maripahaizana ambony kokoa.

Filoha ao anatin'ny taonan'ny fahamatorana, 40 taona farafahakeliny¹⁰, manana ny tanjaka ara-traikefa sy ny angovon'ny hatanorana « mba hitondra hevi-baovao sy hanohy ny asa efa natomboka » no fanirian'ny olompirenena. Tsy mihoatra ny 60 taona anefa satria « tokony mbola ao tsara izy » na mihevitra aza ny Malagasy fa an'ny efa nahazo taona ny fahendrena sy ny fahalalana. Izany no hita fa nironan'ny mpifidy raha zohina ny taonan'ny filoha nifandimby tamin'ny fotoana niakarany teo amin'ny fitondrana, afa-tsy ny singa vitsy maningana. I Tsiranana Philibert dia 49 taona tamin'ny 1959, 55 taona tamin'ny 1965 ary 62 taona tamin'ny 1972. Ratsiraka Didier dia 39 taona tamin'ny 1975 ary 61 taona tamin'ny 1997. I Zafy Albert dia 66 taona tamin'ny 1993. Ravalomanana Marc dia 53 taona tamin'ny 2002 ary 57 taona tamin'ny 2006. Rajaonarimampianina Hery dia 56 taona tamin'ny 2013. Rajoelina Andry dia 44 taona tamin'ny 2018. Feno 82 taona Ratsiraka Didier tamin'ny 2018 izay mbola nitsapany vintana indray tamin'izany. Nisedra faharesena mampandraingiraingy anefa izy satria dia 0,45%-n'ny vato manankery no azony.

Mizarazara be ny fomba fijery mahakasika ny ilàna ny fananana fahaizana amam-pahalalana ambony na tsia¹¹. Tsy azo ihodivirana, hoy ny sasany (50%). Tsy ilaina kosa ny firavahana maripahaizana maro fa ny fananana mpanolotsaina tsara dia ampy¹², hoy kosa ny hafa. « Farafaharatsiny anefa bakalorea, miaraka amin'ny haitarika mafontona ary fahakingana mamondrona ny hery mbamin'ny fahafantarana tsara ny fiainan'ny mponina (naoty 9,0 amin'ny 10) ary vina mazava ho an'ny fampandrosoam-pirenena ». Mahakasika ny firehankevitra, ho an'ny 70%-n'ny olona nanaovana fanadihadiana dia tsara raha mitsinjo manokana ny sokajy mahantra sy ny antonony ny Filohan'ny Repoblika, izany hoe misahana manokana ny filàn'izy ireo mba hanandratana ny

10 40 taona noho miakatra no voalazan'ny Lalampanorenena tamin'ny Repoblika Voalohany sy Fahatelo raha 35 taona noho miakatra kosa ny an'ny Repoblika Fahatelo sy Fahaefatra.

11 Samy hafa be ny toetra amam-pahaizan'ny filoha nifandimby hatramin'izay : mpanabe, manamboninahitra ambony, manampahaizana ambony amin'ny fitsaboana, mpahaifihariana, mpandraharahaha.

12 Mazàna no miteny toy izao ny Malagasy : « Tsy dia ratsy manao ahoana loatra ny filohantsika. Ny sasantsasany aza dia nanana fijery tena tsara mihitsy ary tokony ho nahavita nanova zavatra betsaka. Indrisy fa ratsy mpanolontsaina ry zareo ».

zo aman-kasin'ny olompirenena (naoty 8,9 amin'ny 10) ka manao izay azo atao mba hanolorana ho an'ny rehetra, na ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy, ny vintana mitovy ahitany fahombiazana. Ny Lalampanorenana manambara rahateo fa ny olompirenena tsirairay dia manan-jo haniry « tontolo ahafahany miaina am-pilaminana miaraka amin'ny hafa » ka iantohan'ny Fanjakana ny « fivelarany ara-batana, ara-tsaina ary ara-môraly ». Ho an'ny 13%-n'ny nanontaniana dia ny fisahanana ny tombontsoan'ny sehatra tsy miankina, indrindra ny mpandraharaha sy ny tompon'orinasa (13%), no hampiodina ny fihariana sy hiteraka fiforonan'asa. Tokony ho ny ampahatelon'ny mpikambana amin'ny antoko politika nanontaniana no nandroso fa tsara raha manome lanja manokana ny tombontsoan'ireo izay miantSOROKA ny fampandrosoana ara-pihariana ny filoha.

Ny fahaizamano amin'ny sehatra marolafy : haifihariana, lalàna sy haipolitika, haiftantanana, haifamokarana, filozôfia, matematika, haisoratra dia tsy fototra saingy manondrotra ny toetoetra maha-izy azy ny mpitondra. Koa satria mitana anjara toerana fanalahidy amin'ny politika ivelany sy ny fifandraisana iraisampirenena ny filoha, dia tsara indrindra raha mahafehy teny vahiny iray na maro izy « mba hahazoany tsara ny fandehan-javatra manerantany sy hiarovany ny tombontsoan'ny firenena ara-pihariana, izany hoe tsy mora milefitra amin'ny tsindry ataon'ny firenen-dehibe (naoty 8,9 amin'ny 10), sy ho fandraisana anjara mavotrika kokoa amin'ny fihonana iraisampirenena, ka ho afaka mifampiresaka tsara amin'ny filoha hafa tahaka azy ».

Toy ny amin'ny tolotr'asa, dia takiana ny traikefa arak'asa, araka ny fijerin'ny sasantsasany. Farafahambaniny ny 3-5 taona saingy ny 30 taona no mety kokoa ho an'io andraikitra io. Izany fepetra izany dia tsipahan'ireo manohana fa ny « maha-izy azy ilay filoha no mitondra ny raharaha », ary « manana dimy taona izy hanaporofony fa izy tokoa ilay olona mendrika ho amin'ilay toerana ». Fototra indrindra ny fananana traikefa amina andraikitra ambony ara-panjakana na anivon'ny rafi-pahefana toy ny Filohan'ny Repoblika, minisitra, solombavambavahoaka na ben'ny tanàna no sady mpikambana amina « antoko politika mirafitra sy miorimpaka tsara, manana ideôlôjia mazava sy olomboafidy » satria « tsy anaovana andranandranana tampotampoka ny fitantanana ny firenena ». Tsy izany anefa fa saika mazàna no vokatry ny kisendrasendra ny fahatongavan'ny filoha teo amin'ny fitondrana nandritra izay Repoblika efatra izay. Maro no manambara ny mifanohitra amin'izay sy mikatsaka « olom-baovao manana fijery vaovo »¹³ izay tsy manana fifandraisana amin'ny tontolo politika fa kosa avy amin'ny sehatra tsy miankina, ka ny tombontsoa iombonana no apetrany ho ambony noho ny tombontsoan'ny tenany manokana. Hitoetra ao an-tsain'ny mpifidy ireo singa rehetra ireo amin'ny andron'ny latsabato. Ny 50% no manao ho ambony ny maripahaizana, ny 40% ny fananana traikefa politika ary ny 7% ny fananan-karena satria, araka ny fiheverana iombonana, izany Filoha manankarena izany dia tsy handairan'ny kolikoly loatra ary tsy hikendry fangoronan-karena be intsony.

13 Olom-baovao amin'ny politika ho an'ny tontolo vaovao.

Nivoaka tamin'ny fifampiresahana mivantana tamin'ireo nanontaniana ny fanirian'izy ireo mba ho Filoha kristiana raha azo atao satria « raha ao ny tahotra ny Avo Indrindra dia misy kokoa ny antoka fa tsy hanaotao foana ». Saiky tanteraka hatrany izany tamin'ireo filoha mpino katolika efa-dahy sy ny mpino protestanta (FJKM) roa lahy¹⁴, izay manamafy ny fotokevitra iray eto Madagasikara milaza fa ny maha-mpikambana amin'ny antokom-pinoana kristiana dia heverina fa toerana mety tsara amin'ny fanaovana politika¹⁵ hany ka mihevitenana hatrany ho olomboafidin'Andriamanitra ireo filoha teto amin'ny firenana. Mandeha ho azy io fijery io hoy ireo nanaovana fanadihadiana, raha « mpino kristiana ny ankamaroan'ny mponina¹⁶, izay resy lahatra fa izay mino an'i Jesoa Kristy no hovanjena¹⁷. Nilomay nitady ny toko sy ny andininy tao amin'ny Baiboly ny sasany taorian'ny fahavitan'ny antsapaka ny filaharan'ny kandidà ny 11 septambra 2023. Ho an-dRajoelina Andry, ny tarehimarika 3 dia manambara ny Telo Izay Iray araka ny finoana kristiana : Ray, Zanaka ary Fanahy Masina no sady niteny ny andininy ao amin'ny taratasy voalohany nosoratan'i Masindahy Paoly ho an'ny Korintiana milaza hoe : « Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra : ny Finoana, ny Fanantenana, ny Fitiavana fa ny Fitiavana no lehibe amin'ireo » (I Korintiana 13:13)¹⁸.

Ho an-dRavalomanana Marc indray, izay nahazo ny laharana faha-5, dia nabaribariny tao amin'ny pejy Facebook-ny ny toko faha-5, andininy faha-36, tapany faharoa ao amin'ny Filazantsara araka an'i Marka : « Aza matahotra, minoa fotsiny ihany¹⁹. Raobelina Andry kosa indray dia nifaly raha nahasintona ny tarehimarika 7, isa masina²⁰.

Tsy mampaninona ny fihaviana ara-poko (naoty 6,1 amin'ny 10). « Tsy singa mamaritra ny fanapahankevitra » izany. Manamafy izany ny manampahaizana manokana maro. « Tsy mitombina amin'ny Malagasy ny petrakevitra mikasika ny safidy mifamatotra amin'ny fihaviana ara-poko. (...) Mahakasika ny tanàndehibe sy ny kandidà rehetra ny tsy fifanojoan'ny firafitra ara-poko sy ny fifidianana. (...) Mbola mitoetra ihany koa ny tsy mampitombina ny petrakevitra momba ny fihaviana ara-poko raha raisina ny fampirafesana ny anindrana sy ny afovoan-tany. (...) Tsy vao omaly na

androany akory ny Malagasy no tsy namaritra ny safidiny amin'ny fotoam-pifidianana manaraka ny antony ara-poko na ara-pihaviana²¹ ». Mialoha ny farany amin'ny lisitry ny zavatra miisa 16 mampangetaheta ny olompirenena nanontaniana izay tombatombana izay miaraka amin'ny naoty 6,1 amin'ny 10. Tsy manakana ny kandidà tsy hanaitaitra ny hambompon'ny faritra fihaviany avy anefa izany. Fantatra mantsy fa ny olompirenena dia mihevitra fa ho voasahana kokoa ny tombontsoany raha iray fihaviana aminy ny filoha. « Raha filoha terak'i Toliara tahaka ahy dia azo inoana tsara ny fahatanterahan'ny fampanantenany ka tsy ho hadino intsony ny faritra misy anay ». Ny « Toliara hatray lavoloha » an'ny kandidà Randrianasolonaiako Siteny dia tsy isalasalana fa pimaso amin'ny mpifidy any Atsimo sy ny teraky ny faritany izay efa tsindrin-daona ny ampahany hahita ny mpiray fihaviana aminy ho tonga amin'ny faratampon'ny fitondrana. Toy izany rahateo no nitranga ho an'ny tany Avaratra, Andrefana, Atsinanana ary ny Afovoany tamin'ny filoha Zafy Albert, Tsiranana Philibert, Ratsiraka Didier, Ravalomanana Marc, Rajaonarimampianina Hery ary Rajoelina Andry. Na izany na tsy izany anefa dia manalavitra tsikelikely ny fampirafesana ny Merina sy ny Tanindrana ny mpifidy. Porofon'izany ny fisian'ny filoha merina telo samy hafa tao anatin'izay 20 taona lasa izay. Mbola izay ihany koa no hita rehefa zohina ny firafitry ny voka-pifidianana sasantsasany²², eny fa na dia mbola lalaovina ara-politika hatrany aza ny fihaviana ara-poko hatramin'ny famohazana ny lonilony ara-tantara mandritra ny vanimpotoanan'ny fifidianana. Vitsivitsy tamin'ny nanontaniana no mihevitra ny fisian'ny fahamboniana ara-poko ka misafidy « filoha avy afovoantany ».

Iray tamin'ny faniriana voalaza tany anaty adihevitra ny amin'ny filoha mahavita miaro ny soatoavina repoblikana ka anisan'izany ny « fisitrahana ny falalahana maneho hevitra sy manao fihetsiketsehana ao anatin'ny fanajana tanteraka ny hafa (mitsahatra ny falalahako eo amin'ny fiatombohan'ny an'ny hafa), izany hoe misy fetrany ihany, ho an'ny olompirenena rehetra ary indrindra ho an'ny mpanohitra ».



14 Sampandraharaham-panjakana amerikana, Tatitra iraisampirenena momba ny falalahana ara-pivavahana any Madagasikara 2022 : « Milaza ny vondrona ara-pivavahana any an-toerana fa ny 70%-n'ny mponina dia kristiana ary mitsinjara toy izao : katolika romana (34%-n'ny mponina), fiangonana presbyteriana an'i Jesoa Kristy (FJKM, 18 %), loterana (14 %) ary anglikana (4,5%) ».

15 Profesora Rajaoson François, mpahay sôsîôlôjia, ao amin'ny gazety boky Revue de l'Océan Indien, aogositra-septambra 2013.

16 Sampandraharaham-panjakana amerikana, Tatitra iraisampirenena momba ny falalahana ara-pivavahana any Madagasikara 2022 : « Araka ny angom-baovaon'ny Pew Research Center ho an'ny taona 2021 dia kristiana ny 85,3%-n'ny mponina, silamo ny 3%, manaraka ny finoana nentim-paharazana ny 4,5% ary tsy manaraka karazam-pinoana na antokom-pivavahana ny 6,9% ».

17 « Izay mino an'i Jesoa Kristy no voavonjy »

18 Nivoy ny resaka « fitiavana » hatrany izy hatramin'ny nirosahany tamin'ny fanaovana politika voalohany tamin'ny 2007 saingy efa taty amin'ny taona 2013 sy 2018 vao nampiasainy io andininy iray notsoahana tao amin'ny Baiboly io.

19 Donteny nampiasainy nanomboka tamin'ny 2001, izay fotoana voalohany nilatsahany ho Filoham-pirenena.

20 Araka ny hita ao anaty Baiboly dia fito andro no namoronan'Andriamanitra izao tontolo izao.

21 Mireille Razafindrakoto, François Roubaud – Le scrutin présidentiel du 16 décembre 2001. Les enjeux d'une élection contestée.

22 Voafidy solombavambahoaka tao Antananarivo i Monja Jaona tamin'ny 1983. Teo ho eo ihany ny fanohanana'i Toamasina an-janany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 2013. Nahazo 48,84% Ratsiraka Didier raha 40,81% ny an-dRavalomanana Marc. Nitarika Rajoelina Andry tany amin'ny faritra maro toa an'Atsimo Andrefana (60,32%) sy i Melaky (62,06%) tamin'ny 2018.



Tranga maro faneriterena sy fanembatsembanana ireo falalahana fototra ireo, izay miendrika fanakatonana haino aman-jery, fampitahorana sy fandràna izay mazàna mipàka amin'ny mpanohitra, no nanamarika ny fitondrana nandritra ny Repoblika efatra ka mody nosarontsaronana amin'ny hoe fitandroana ny filaminam-bahoaka sy ny filaminam-panjakana.

Amin'ny anaran'ny fisarahan'ny finoana sy ny raharaham-panjakana dia « tsy misy karazam-pivavahana na iray aza tokony hitsabaka amin'ny raharaham-bahoaka » ary « ny filoha dia tsara misoroka ny fampiasana ny finoana amin'ny fikatsahana tanjona ideôlôjika sy politika ». Izany dia tsy misakana ny « fiaraha-misalahin'ny fanjakana sy ireo vondrona ara-pivavahana, izay tokony hotazonina ». 7,6 amin'y 10 no naoty omen'iro nohadihadiana mahakasika ny fitakiana ny fisarahan'ny fanao ara-pivavahana sy ny fitondrana ny raharaham-panjakana. Mitoetra ho fanamby goavana araka izany io fisarahana io indrindra ho an'ny kolotsaina izay matetika manondro an'Andriamanitra, ary mampifangaro ny andraikitra²³ izay miseho, ohatra, amin'ny alalan'ny fifanitsahan'ny tontolon'ny fanahy sy ny fifampitondrana politika, ny fanomezan'ny fahefam-panjakana tombondahiny ho an'ny antokom-pivavahana sasantsasany, ny fampidirana fanopoam-pivavahana iraisampinoana any anaty lanonam-panjakana.

Iray amin'ny fanantenan'ny olona nanontaniana ny fananana filoha vonona hanokatra pejy vaovao amin'ny tantara ka hiady tsy misy indrafo amin'ny kolikoly (naoty 9,1 amin'ny 10) sy hampihatra tsy misy fepetra ny fampitovian-jo ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna (naoty 9,2 amin'ny 10). « Tsy mianona fotsiny amin'ny fanambaràm-pikasana mba hampitsaharana ny kolotsain'ny tsimatimanota amin'ny alalan'ny fanamafisana ireo rafitra miady amin'ny kolikoly, tapakevitra hanenjika amin'ny fo tsy miangatra ny mpanao kolikoly na iza izy na iza ary haseho amin'ny asa sy ny fanapahankevitra izany ». Tsy isalasalana fa izay fitakiana izay dia vokatry ny fihanahan'ny kolikoly izay zary lasa ftsipipitondrantena sy ny fahitana ireo tranga marobe, ankehitriny sy teo aloha, mikasika ny fanodinkodinam-bola maro kanefa nosarontsaronana na tsy voaraky ny rafitra iadiana amin'ny kolikoly, ka manimba endrika ny fiarahamonina malagasy, manamafy ny tsy fitoviana ary mandrotika ny fiharian-karena eto amin'ny firenena.

23 Ravalomanana Marc, ohatra, dia sady filoha lefitry ny FJKM (Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara) nandritra ny fotoam-piasany in-droa.

Lehilahy 40-60 taona, farafahakeliny manana ny maripahaizana bakalorea sy traikefa politika, tsy matahomaso mena, mandala ny rariny sy ny hitsiny sy manana fanetrentena, manana vina, mahavita manetsika sy mampita tsirim-panantenana amin'ny olompirenena, mahitsy amin'ny teny sy ny asa, manatanteraka ny teny nomeny sy ny toky nataony, azo ifampiresahana, mifampihosina amin'ny mponina sy mahatsinjo ny fainan'ireo sahirana indrindra (“mitsinjo ny madinika”), hentitra sy tsy mivadibadika, vonona hitondra fanovana an-kasahiana ho an'ny tombontsoa iraisana, eny fa na dia hampangidy hoditra aza izany. Izany no kisarisarin'ny Filoha vaovaon'ny Repoblika. Nampakarin'ireo nandray anjara tamin'ny fakankevitra ho avo dia avo ny fenitra, ary ny feo hono no maneho ny maha-olompirenena ao anatin'ny demokrasia. Fomba iray hanosehana ny sehatra politika handini-tena mba hanatsarany ny ataony izany.

Tokony hahay mamantatra amin'ny fo tony sy saina mandinika tsara ny mombamomba ny kandidà mahavita manatanteraka ny hetahetany ny vahoaka. Politika ny resaka koa tsy enti-mamaritra ny fanapahankevitra ny toetoeran'ny kandidà azy manokana, izay sarotra refesina no sady tsy mora rahateo ny mahita ny tena toetrany miafina noho izy ireo samy miezaka mampiseho ety ivelany toetra mambabo. Tsy maintsy amin'ny alalan'ny adihevitra politika sy ny fifandonan-kevitra no ahafahan'ny olompirenena maminavina tsara amin'ny saina tsy miangatra ny amin'izay toetra tsara manokana sy fahaizana marina ananan'ny kandidà. Ankoatr'izay, tsy indray hita ao amin'ny olona iray avokoa ireo toetra tsara ireo. Amin'ny ankapobeny, ny fahakingana ara-politika dia refesina amin'ny fahaiza-mifehy ny fitantanam-bahoaka, ny fifandraisana isaraisampirenena sy ny politika ivelany, ny haavon'ny fianarana norantovina ary ny kolotsaina politika. Mazava ho azy fa tsy misy ny fahagagana amin'ny resaka fandrosoana. Tsy maintsy fantarina ny misy ny tena, ny tiana haleha sy ny miara-dalana amin'ny tena... Torak'izany, tsy andrakandrana ny maha-Filohan'ny Repoblika. Miomana mandritra ny fotoana lava, ohatra, izay manana hetaheta ho lasa filoha ka miezaka mamantatra ny fomba fiasan'ny fitondram-panjakana no sady mampitombo traikefa politika manonga sy mahomby, ary mahafehy ny fototra sy tena ilaina, dia ny Lalàmpanorenana. Tsy dia izay anefa ny teto Madagasikara fa dia tonga ho azy eo amin'ny politika sy ny fahefana ny ankamaroan'ny filoha noho ny zavamisy mba tsy hitenenana fa vokatry ny tetika manahirana. Azo atao ny mamisavisa ny lafatra mba hanakarana ny zavamisy sy hanandramana maneho an-tsary ny endrikendriky ny filoha “mety”, mifanaraka amin'izay eken'ny rehetra sy ny toedraharaha politika ankehitriny eto Madagasikara, mirafitra araka ny toetoetra fototra tsara izay ananany, kanefa tsy dia ambara ho filamatra izany. Mety hanoro hevitra ny olompirenena amin'ny safidiny ireo singa ireo.

Olona izay iaraha-mahita fa mitana ny fahamarinana arapitondrantena. Toetra tsara manan-danja indrindra izany satria indray mitory ny fahitsiana, ny fahadiovampo ary ny fahamarinana izany. Tsy mitondra mankaiza anefa ny fahamarinana miharo havendranana, sahala amin'ny firehetampo ihany koa izay maivan-danja eo amin'ny sehatra politika satria tsy misy ny mampihemotra mba hahatongavana amin'ny fahefana. Ny fahamarinana dia toetra

mifanandrify amin'ny fitandroana fatratra ny voalazan'ny Lalamparenena – tsy manana eritreritra hanova azy araka ny nahimpony, toetra izay nomen'ny olona nohadihadiana naoty ambony (8,4 amin'ny 10), sady voasoratra rahateo ao amin'ny savaranonandon'ny Lalamparenena²⁴ – sy ny lalàna mbamin'ny fitsipika ara-pitondrantena any anaty fiarahamonina. Mpitarika misokatra amin'ny fifampiresahana, afaka mampiseho ny lalan-kizorana sy manana risipo hitondra fihavaozana sy hanosika ho amin'ny fanovana. Mihoatra noho ny fototra ny fitarihana mahomby sy ny fahaiza-mampivondrona manodidina vina itambarana, na toy inona na toy inona ny fahasamihafam-pijery sy ny tombontsoan-dRanona sy Ranona. Traikefa iarahana amina ekipa ny maha-filoha fa tsy fandehanana irery. Ny mitondra dia mikarakara olona – fanalahidin'ny fampandrosoana ny lafiny maha-olona – ka izay no ilàna ny fahaiza-mihaino. Olona manana fototra politika miorim-paka tsara sy traikefa politika nombam-pahombiazana mba hisorohana tsy ho rembin'ny « fisolantsolanana amin'ny politika ka ny hafaliampo nentiny dia gina volana vitsivitsy aorian'ny fizaran-draharaha teo amin'ny fahefana »²⁵. Olompirenena manan-kafitsoka sy hampiasaina toy ny hatanorana izay miendrika fihavaozan-taranaka, manambara zava-baovao sy fihavaozana araka ny vaninandro ankehitriny, mampiseho fahavitrihana, firehetampo sy angovo. Tsy misy hosoka ary mangarahara kokoa, mirotsaka lalina kokoa, akaiky kokoa ny filàna sy ny hetahetan'ny tanora. Olom-panjakana fa tsy olom-pahefana satria ny politikany sy ny asany dia tokony hikendry hatrany ny soa iombonana sy ny tombontsoa ankapoben'ny firenena na ny vondrombahoaka.

Manarak'izay dia tsara raha miala tsy misy hatakandro amin'ny fahazarana miandry mpamonjy na iraky ny Lanitra ny mpifidy ka manantena ampitso mamiratra hoazy. Fotoana mety izao handetehana ao an-tsaina fa tsy tonga ho azy izany Madagasikara mandroso sy sambatra izany fa mila aorina. Manana ny mpitondra sahaza azy ny olona, hoy ny fiteny. Noho izany, zavadehibe ny mandatsabato amin'ny maha-olompirenena tomponandraikitra sy miaina falalahana mba tsy ho tafalatsaka anaty fahadisoam-panantenana lalina lava izao.

Ny mifidy filoha ihany koa dia mametraka safidy amin'ny vina lavitr'ezaka atolony momba ny hoavin'ny firenena amin'ny lafiny fampandrosoana sy amin'ny paikady arosomy mba hanatanterahana ny hetaheta sy ho famaliana ireo filàna avy amin'ny vahoaka tsy ankanavaka, na ny ao am-pony tsy miloaka, na izay voambarany.

Vinam-piarahamonina manao ahoana no andrasanao ho an'i Madagasikara?

Ho setrin'ny fanontaniana dia nibosesika ny fitanisana ny hetaheta marolafy izay tokony hojeren'ny politikam-panjakana mba hanatsarana ny fari-piainan'ny mponina, hampiroboroana ny harikarena ary hiatrehana ny fanamby ara-piarahamonina sy ara-tontolo iainana. Itondrana fanazavana ireo lalan-kevitra nivoitra tamin'izany mba ho fototra ho an'ny vinam-piarahamonina aroson'ireo mpifaninana ho filohan'ny repoblika.

Tsy misy filaharany ny valiny nomen'ny nanontaniana : ny fanamboarana sy fanavaozana fotodrafitra (lalana, tambazotran'ny famatsian-drano sy ny fahazoan-drano madio...), ny fahazoana tany sy trano, ny fahefa-mividy (fiforonan'asa, vidin'entana jifaina sy saran'ny fanaovan-draharaha...), ny fiarovana ny olona sy ny fananany, ny fahaleovana amin'ny fambolena sy ny fahavitantena aratsakafo, ny fihenana tsy fitoviana amin'ny fisitrahana fahasalamana, ny fandrafetana rafi-panabeazana arakalita, ny fametrahana ho vaimandrahahana ireo finiavana entin'ny tanora ho an'ny hoavy tsara (fandraharahana, fampananana asa...), ny fampiroboroana ny fanatanjahantena sy ny kolotsaina, ny angovo lovainjafy ho an'ny rehetra, ny fampandrosoana tsy misy fitanilàna, ny fanarenana ny orinasam-panjakana toy ny Sirama²⁶, ny famerenana ny rafitra fokonolona, ny fitsinjarampahefana tena izy, ny fitandroana ny firaisam-pirenena. Fehiny, fikatsahana fiainana tsara, faniriana hiaina metimety kokoa, izany hoe faniriana vina sy politika manome lanja ny fampiroboroana ny asa miendrika ho an'ny fiainana miendrika araka ny 57%-n'ny olona nanontaniana ka mitondra any amin'ny fahombiazana iarahamigoka. Mety manazava ny hetahetan'ny 86%-n'ny nanontaniana izany, izay miandrandra (42%) na manaiky (48%) ny fahazoan'ny mponina maimaimpoana fianarana amin'ny ambaratonga faharoa ankapobeny na teknika farafaharatsiny izany.

Tsy nitsahatra nitontongana ny fari-piainan'ny Malagasy hatramin'ny fahaleovantena tamin'ny taona 1960²⁷ ary nijotso hatrany ny harikarena faobe isambatanolona. Zara fa niova ny maridrefin'ny fivoarana arak'olona (IDH) teto Madagasikara tao anatin'ny 20 taona: 0.501 monja tamin'ny 2020 raha 0.46 izany tamin'ny 2000. Enti-manombana ny fampandrosoam-pirenena eo amin'ny lafiny fihatsaram-piainana izany ary mametraka ny Nosy ao anatin'ny sokajy « fivoarana arak'olona ambany ». Tao anatin'ny 5 taona mialoha ny valanaretina COVID-19, ny tahan'ny fisondrontan'ny harikarena dia tsy nahatratra afa-tsy ny salanisa 3,5%. Narahan'ny fihemorana izay avo telo heny be izao noho ny an'ny faritra Afrika Atsimon'i Sahara izany ny taona 2020. Nanomboka nahazo

24 « Tsapa fa loharanony ny krizy miverimberina ny tsy fanajana ny Lalamparenena na ny fanovana azy mba hanamafisana ny fahefan'ny mpitondra fa tsy ny fitsinjovana ny tombontsoan'ny mponina... »

25 André Rasolo, mpahay sôsîôlôjia, ao amin'ny gazety boky Revue de l'Océan Indien, aogositra-septambra 2013.

26 Fanembonana ny fahiny satria ho an'ny ampahany tamin'ny hevitra nivoitra dia tsy arakaraka ny nantenaina ny vokatra ny fisintahana tamin'ny orinasam-panjakana.

27 Mireille Razafindrakoto, François Roubaud, Jean-Michel Wachsberger - L'énigme et le paradoxe - Économie politique de Madagascar.

aina ny asa fihariana tamin'ny 2021 saingy nokofonin'ny COVID-19 andiany fahatelo indray tamin'ny 2022. Nanampy trotrika ny rivodoza mahery vaika sy ny akon'ny ady any Okraina²⁸.

Mba hisondrotan'ny harikarena mampiaty ikorianan'ny soa ho an'ny tsirairay dia soridalana efatra loha no natolotr'ireo olona nanontaniana : « ny paikadim-pitrandrahana ny otrikarena mba hiteraka sanda fanampiny; ny politikam-pitsinjarana ny fidiram-bola sy ny harena ho tombontsoan'ny vondronolona ifotony na ny mponina manontolo mihitsy; ny endrim-piarahamiasa vaovao sy fifamenoana ara-pihariana eo amin'ny seha-panjakana sy ny sehatra tsy miankina ; ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana ho an'ny orinasa mampiasa petrabola teratany sy vahiny ».

lanjadian'ny fahantrana mafy indrindra ny mponina eny ambanivohitra eto Madagasikara, izay mandrafitra ny telo ampahaefatry ny mponina manontolo²⁹. Na eo aza ny fananana loharanon-karena lehibe amin'ny lafiny fambolena, ny tontolo ambanivohitra, izay sady mpanome asa be indrindra (74,7%), dia faran'ny tsy mamokatra satria 43 000 MGA monja ny salanisan'ny karama isam-bolana any. « Ambany indrindra ny refin'ny fahafaha-mamokatra eo amin'ny tontolo ambanivohitra ary tsy nety ho tafahoatra ny tamin'ny 2010, 388,53 dolara amerikana. Mamparefo ny tsenan'ny asa sy ny fiharian-karena eo amin'ny firenena ny hamaroan'ny mpiasa tambanivohitra noho ny tsy fahafahan'izy ireo mampiakatra ny fari-piainany ka zary enta-mavesatra ho an'ny rehetra, ka mampiakatra avo ny taham-paharefoana arak'asa, maha-marano an'isa ny mpiasa anaty fahantrana ary tsy maha-ampy ny fampananana asa mamokatra »³⁰. Tombanan'ny 55%-n'ny nanontaniana, noho izany, fa ny vinam-piarahamonin'ny filoha dia tsara raha mihodidina bebe kokoa amin'ny sehatry ny fambolena. Nahimpon'izy ireo ny miandrindra hetsika mivaingana ho an'ny fambolena lovainjafy (ao anatiny ny fiompiana), ny fampitomboana ny vokatra sy ny fampihenana ny fiankinandoha amin'ny fanafaran'entana avy any ivelany, amin'ny alalan'ny fepetra fanohanana sy tantsoroka ho an'ny tontolon'ny tantsaha : fampiasana milina, fifehezana ny rano, fisian'ny kojakojam-pamokarana ara-kalitaio sy amin'ny vidiny mirary, fiofanana momba ny fambolena sy fanabeazamboho ny fampananana asa eny ambanivohitra, tsy fitanilan'ny fahazoana tany, fampindramam-bola madinika eny ambanivohitra, vidy ivarotana ara-drariny sy tsy mamono antoka ny mpamokatra, fanodinana ny vokatra eny ifotony. Arovan'izy ireo ny karazam-pambolena mitsinjo ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fanaparahana ny teknikan'ny ala vadimboly izay sady manatsara ny vokatra no manaja ny tontolo iainana. Tokony ho anisan'ny vaimandrandrahaha ambonin'ny zavadrehetra ao amin'ny vinam-piarahamonin'ny Filohan'ny Repoblika ny fitantanana tsara ny harena voajanahary amin'ny alalan'ny fanomezandanja manokana ny

fitrandrahana am-pisainana sy am-piheverana ny otrikarena, ny fiarovana ireo karazan-javamananaina, ny fitehirizana sy ny famerenana indray ny faritra rakotr'ala, ny fanolokoloana ny faritra arovana, ny fampiroboroboana ny fizahantany lovainjafy, ny fialana amin'ny fampiasana angovo maloto mankany amin'ny angovo madio. I Madagasikara mantsy dia anisan'ny « hot spot » na irony firenena manana harem-be voajanahary kanefa dia iharan'ny tsindry mavesatra tokoa.

Ny mametraka antoka amin'ny fambolena ho andrin'ny fiharin-karena (59%) no tokony ho tari-dalan'ny vinam-piarahamonina idealy ho an'ny firenena saingy tsy manao ambanin-javatra ireo sehatra ara-pihariana hafa (16%) ary indrindra ny sehatry ny orinasa sy ny indostria (13%) araka ny fanehoankevitry ireo olona kinendrin'ny fanadihadiana. Araka ny Banky iraisampirenena mantsy ny fampiroboroboana ny famokarana dia « iray amin'ireo andry matanjaka hatevenina mba hamongorana ny fahantrana lalina, hanamafisana ny fiaraha-misitrika ny fandrosoana ary hamokisana ny olona miisa 9,7 lavitrisa eto ambonin'ny Tany amin'ny taona 2050. Misy akony avo roa heny ka hatramin'ny efatra heny amin'ny fison-drotan'ny fidiram-bolan'ny mponina mahantra indrindra ny fivoaran'ny fambolena raha ampitahaina amin'ireo sehatra hafa. Singa fototra mamaritra ny fitombon'ny harikarena ihany koa ny famokarana ». Izany dia mitarika ho amina paikadim-pambolena sy fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra voahevitra lalina miaraka amin'ireo fepetra lohalaharana sy ireo drafitra tantsoroka vita kalamina indrindra mba hisian'ny fifampitondrana mahavelombolo momba ny tany izay manome vahana ny fampananan-tany (45%), ny fioborobon'ny seha-pamokarana akora fototra afaka miatrika ny fikorontanan'ny toetrandro (59%), ny fiarovana marina tokoa ny tontolo iainana (28%) ary ny fanamaroana isa ireo toeram-panodinam-bokatra eny anivon'ny faritra.

Ny fametrahana politikam-panabeazana manindrahindra ny rariny sy ny fitoviana izay mamaly ireo fanambly eto amin'ny firenena dia iray amin'izay tokony ho zavakinendrin'ny Filoha vaovaon'ny Repoblika hanarenana ny tsy fahalavorariana ara-drafitra sy ny tsy fahombiazana tsapa, araka ny fijery iraisan'ny olona nanontaniana. Izany dia mifandrify rahateo amin'ny lesoka goavana navoitry ny Banky iraisampirenena mahakasika ny fifantenana sy ny fandraisana mpampianatra, ny zotompon'ireo mpisehatra amin'ny fanabeazana ary ny fitantanana ny toeram-panabeazana izay, araka ny heviny, dia samy singa manandanja amin'ny fahatsaran'ny fampitam-pahaizana amin'ny mpianatra



28 Perspectives économiques de Madagascar. Surmonter la tempête, mey 2022, Banque mondiale.

29 Claire Gondard-Delcroix, Spécificités des dynamiques de pauvretés dans deux régions rurales de Madagascar.

30 Herinjatovo Aimé Ramiarison, Création d'emplois à Madagascar - Défis et recommandations, desambra 2021, Friedrich-Ebert-Stiftung.

avokoa³¹. Tsara hifantohan'ny saina aman'eritreritr'izay ho Filohan'ny Repoblika ny fandinihana ny fanabeazana maoderina, azon'ny rehetra sitrahana ary araka ny fenitra misy. Anisan'ny fepetra maika naroso ny fampakarana ny lentan'ny fampianarana mba hifanaraka tsara amin'ny tsenan'ny asa, ny fialana amin'ny fiofanana manaraka ny rafitra LMD izay heverina fa tsy sahaza ary ny fiverenana amin'ny rafitra mahazatra taloha, ny fanomezan-kasina ny fikarohana eny amin'ny anjerimanontolo, ny fanavaozana sy ny fandrafetana fandaharam-pampianarana manaraka ny vaninandro ankehitriny, ny fanatevenana ny fotodrafitrasam-panabeazana, ny fametrahana toerana fanomezan-tsakafo ho an'ny mpianatra an-tsekoly rehetra, ny fampiofanana ny mpampianatra manana ny fahaizamanao sy araka ny isany ilaina, ny fandrafetana tetiandrom-pampianarana ho an'i Madagasikara sy mifanaraka amin'ny tontolo ara-tsosialy sy ara-toekarena ary ny toetrandro. Manamafy ny tokony hanatsarana ny satan'ny mpampianatra ny 51%³² ny olona nanontaniana amin'ny fanomezana karama mampahazoto sy fitaovam-pampianarana sahaza. Manitrikitrika ihany koa ny 53%-n'ny olona nanontaniana fa izay matihanina ihany no homena ny sata maha-mpampianatra. Mby ao an-tsaina amin'izany ireo « mpampianatra FRAM », izay noraisina sy karamain'ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra noho ny tsy fahampian'isan'ny mpampianatra nanomboka ny andian-taona 70, kanefa tsy manana ny fahaiza-manao matihanina takiana ny ankamaroany. Tsy mampiray saina ny fanaovana ny teny malagasy ho teny enti-mampianatra eny amin'ny ambaratonga voalohany. Lavitry ny mey 1972 isika izay nitatatàna ny fanagasiana, kanefa nokianina mafy sy nampangaina indray taona maro taty aoriana ho niteraka ny fitontongan'ny fahaizan'ny mpianatra³². Na izany aza dia manaiky ny hampiasana ny teny Malagasy ny 70-n'ny nanontaniana, ary nitsipaka kosa ny 19%-ny, raha tsy naneho hevitra ny 12%-ny. Mirohotra amin'ireny sekoly mampiasa ny teny frantsay ho teny enti-mampianatra ireny ary misafidy ny rafi-pampianarana frantsay ny manankatao, kanefa tsy voatery ho ny rehetra no mirona amin'izany. Mazava be, araka ny fijerin'ny ampahan'ny olona nanontaniana, fa ny zanaky ny filoha dia tokony manaraka fampianarana eto Madagasikara hatramin'ny bakalorea farafahakeliny (naoty 7,4 amin'ny 10). Izany dia entina ilazàna marimarina kokoa fa, raha manana ny politikam-panabeazana lafatra isika, dia tsy misy olona, ny filoha no voalohany, tokony handefa ny zanany hianatra any ivelany. Raha ny mifanohitra amin'izay no misy dia midika izay fa tsy matoky akory izy ny rafi-panabeazana malagasy araka ny vina izay napetrany.

Mandeha lavitra kokoa amin'ny « fizakantenan'ny »³³ ny faritra ka hafainganina ny zotran'ny fitsinjarampahefana tena izy amin'ny fanomezana ny fahefana sy ny fahaiza-manao ary

31 Banque mondiale, Perspectives économiques de Madagascar – Surmonter la tempête, mey 2022.

32 SeFaFi, La déliquescence (2014-2018) « Nanomboka tamin'ny 1978 àry ny fandaharanasan'ny filoha Ratsiraka izay nokendrena hanomezana toerana manokana ny teny malagasy tamin'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ny fampianarana. Sampona ny fanatanterahana ny tetikasa na dia mendri-piderana tokoa sy nanome vahana ny famahoahana teo amin'ny sehatry ny fampianarana aza izy ».

33 Teraka tamin'ny fotoana nananganana ny faritany mizakatena io teny io izay noheverin'ny sarababem-bahoaka ho mitovy dika amin'ny fitsinjarampahefana tena izy.

izay hoenti-mihetsika hoan'ny tomponandraikitra eny ifotony, ny fitsinjarana ara-drariny ny vola voavory amin'ny hetra mba hisian'ny fampandrosoana mampiaty sy mifandanja manerana ny nosy. Hetahetan'ny olona izany. Noho izany, ho an'ny 84%³⁴ ny olona nanontaniana dia tsara raha manampiniavana politika hentitra mifanaraka amin'izay tanjona izay ny filoha ka mamela malalaka ny vondrombahoakam-paritra itsinjarampahefana hiantoroka feno ny asa fampandrosoana any aminy avy. Maniry ny fitsinjarampahefana ho lasandavitra tanteraka mihitsy ny sasantsasany mba hiheverana manokana ny fahasamihafan'ny faritra, hany ka mirona kokoa amin'ny fametrahana ny federalisma izy ireo (9%), kanefa dia hita fa tsy mampitovy hevitra izany. Nampiasaina be fahatany io teny io hany ka lasa niteraka tahotra io endrim-pitondrana iray io. Mbola ao an-tsain'ny maro mantsy ny fihooarampefy nampifamono tamin'ny andian-taona 90 tamin'ny fotoana nanambarana ny fisian'ny fanjakana mizakatena. Etsy ankilany dia voalazan'ny 3%³⁵ ny nanontaniana ny hametrahana fanjakana iray tsy anombinana ivangongompahefana satria « ny mpitondra izay afaka mamantatra kokoa ny asa hotanterahana no tokony manapakevitra amin'ny zavadrehetra ».

Miara-dalana hatrany ny safidy politika sy ny tambatry ny toejavamisy. Heno any ambadiky ny valintenin'olona, noho izany, ny halehiben'ny fanirian-javatra mivaingana, fandaharanasa tsara rafitra sady azo tanterahana³⁴ mifototra amin'ny fisitrahana tolotra ara-pahasalamana maimaimpoana (95%) fiarovana ny olona sy ny fananany (33%), ny fahazoana trano fonenana (26%), ny fifehezana ny fiakaran'ny vidim-piainana (21%), ny fahadiovana (12%), ny antoka amin'ny fahatsaran'ny vokatra ara-tsakafo, ny fahafahan'ny rehetra mampiasa ny teknôlôjia sy ny arakajimirindra, ny fanapariahana ny herinaratra azo ampiasaina tsara sy amin'ny vidiny mirary. Tokony hampisaintsaina ny kandidà ny fitanisana ireo laharampahamehana ireo na farafahakeliny manazava amin'izy ireo ny fahaketrahan'ny mponina, ny fahadisoampantantenany ary ny fahasarotan-javatra mandrafitra ny andavanandrom-piainany.

Ny fironan'ny kandidà miohatra amin'izay mampangetaheta ny mpifidy no hamaritry ny latsabato ataony, raha fantatr'izy ireo ny politikam-panjakana arosan'ny kandidà manoloana ny zavatra manahirana ara-piainana mihatra amin'ny olona. Raha azo jerena eny amin'ny tambazotran-tserasera ny fandaharanasa ho an'ny any ivelany, zara raha hita kosa izany eto Madagasikara. Ary ny teny atao mandritra ny fampielezankevitra dia mazàna no mikendry ny fanaratsiana ny mpifaninana hafa. Ny filamatra dia « ny hanaovana fampielezankevitra mahakasika ny zavatra hotanterahana fa tsy fiadiana aman'olona. Ny hoe manao politika dia mandresy lahatra olona »³⁵. Mionona fotsiny ny mpifidy amin'izay tiana omena azy any amin'ny fampahalalam-baovao sy rehefa any amin'ny famoriam-bahoaka, izay amin'ny ankapobeny dia fampanantenana mahavariana, misavoan-danitra, tsy arahana adihevitra akory. Tsy ho gaga indray isika, noho

34 Fampanantenana trano miisa 35 000, fiara 4L isan-tokantrano, tanàna vaovao.

35 Teny nataon'ny Edouard Philippe, solombavambahoaka eoropeana tamin'izany.

izany, raha mbola mino hatrany ireny fampanantenana ireny ny Malagasy, tahaka ny mahagaga antsika ihany raha gaga izy ireo fa dia mbola diso fanantenana hatrany. Tsy mety ho hafa afa-tsy izay anefa. Ny rafitra politika malagasy dia miorina amin'ny nofinofy fa olona iray dia mahavita mamaha ny olana rehetra sy tokony mahalala ny zavadrehetra satria dia tena izay mihitsy no andrasana amin'ny Filohan'ny Repoblika.

Kisarisy fotsiny ihany, mba handrirarirana ny mpitazana, ny vinam-piarahamonina aroso. Tamin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika farany tamin'ny 2018 dia maro tamin'ireo kandida miisa 36 izay nihambo hampandroso ny firenena sy hiantoka ny soa ho an'ny mponina no tsy nanana izany akory raha tsy hoe angaha ka heverina ho vina ny fehezanteny roa ao anaty donteny iray³⁶, na ny resabe ao anaty pejy 10, na ny hevitra mahafinaritra mitambatra ho fandaharanasa voarakitra amina taratasy A5. Nisy ihany ny sorintsonitra vinam-piarahamonina, toy ny Madagascar Action Plan (MAP 2.0) an-dRavalomanana Marc, ny Fisandratana an-dRajaonarimampianina Hery mbamin'ny Plan Emergence Madagascar an-dRajoelina Andry ao anatin'ny velirano 13 na fanomezantoky miezinezina. Tsy fantatra anefa raha namaky azy ireo manontolo ny mpifidy³⁷ na namakafaka azy mba handanjalanjana raha mifanaraka tsara amin'ny seha-pihariana, ny ara-tsosialy ary ny momba ny diplomasia ny politika ambarany. Tsy azo odian-tsy hita fa manilika ny ampahan'ny mpifidy ny tahan'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra (25%). Tonga saina momba izany ny 94% n'ny nanontaniana ka maniry indrindra ny hametrahana ho isan'ny fandaharanansan'ny filoha ny fampianarana mamaky teny sy manoratra mba ho fanondrotana ny maha-olompirenena.

Rehefa zohina ny zavamisy eto amin'ny tany sy ny fanjakana, ny vinam-piarahamonina dia tokony hafantoka misimisy kokoa amin'ny fanondrotana ny harikarena lovainjafy, ny fisitrahana'ny mpiray tanindrazana rehetra ny tombontsoa, ny fandrosoana mitsinjo ny mahaolona sy ny fiarovana ny



36 "Politique générale de l'Etat : changement radical à 180° - Politique sociale et développement : "Izay tian'ny vahoaka sy ny fanjakana no tanterahina".

37 « Raha voavakin'olona ny fandaharanasan-dRavalomanana Marc dia tsy isalasalana fa tsy nahababo akory. Fampianarana tekinika ho an'ny rehetra, vatsimpianarana ho an'ny mendrika, indrindra ho an'ny tekinika ambaratonga ambony ; fampianarana ambony isintahan'ny fanjakana sy andoavam-bola : mety tsara izany saingy tsy mamparisika ». Françoise Raison-Jourde, Jean-Pierre Raison ao amin'ny Politique africaine 2002/2 (Faha-86), takila faha 5-17.

tontolo iainana. Tsara asiana tsindrimpeo amin'izany ny fanabeazana ara-kalita ho an'ny rehetra, ny fahasalamana ho an'ny daholobe, ny fahiana ara-tsosialy, ny fampandrosoana ara-pihariana mampiaty, ny fotodrafitrasa lovainjafy, ny fambolena sy ny fanjarian-tsakafo, ny angovo madio sy azo havaozina, ny fikarohana sy ny fihavaozana mifototra amin'ny fampiasana teknôlôjia vaovao, ny fiarovana ny tontolo iainana, ny fitovian'ny olompirenena sy ny miralenta ary ny zo ananan'ny rehetra, ny fizina ara-kolotsaina, ny fanabeazana mifototra amin'ny maha-olompirenena, ny ombonantoka iraisampirenena. Izany dia mifanjohy indrindra amin'ny vokatra ny fanadihadiana mahakasika ny vinam-piarahamonina andrasan'ny olona nanontaniana.

Tokony misy singa fototra hita any anatin'ny drafi-panombanana, ka anisan'izany ny vina mazava sy manainga, ny politika mifanojo amin'ny tena filàn'ny mponina sy mibanjina ny fahasamihafan'ny isa-paritra sy ny eny ifotony, ny fanomezantoky mahakasika ny fampiatiana sy ny tsy fitanilana, ny fifampitondrana miorina amin'ny mangarahara, ny tamberinandraikitra sy ny ady amin'ny kolikoly, ny tontolo miaro ny zo fototra sy ny falalahan'ny isambatan'olona, ny soridalana nodiavina sy ny fahitsian'ny kandida. Rariny raha manitrikitrika ireo nanontaniana ny amin'ny tokony hisian'ny rafitra ifandraisana eo amin'ny mpitondra sy ny olompirenena (63%), ny fahafahana mandà izay fandaminana napetraka (21%), ny fahafahana miditra anaty fikambanana sy vovonana toy ny antoko politika sy ny sendika ary ny fiarahamonimpirenena.

Na izany na tsy izany, tsy mora ny manombana ny vinam-piarahamonina iray ary miankina amin'ny fihaveran'ny olompirenena tsirairay izany, ny soatoaviny, izay mahadodona sy manahirana azy. Anjarany ny mamadibadika sy mandinika lalina ary mampitaha ireo tolotra samy hafa. Midika fizahana izay tena foto-javatra (diagnostic) ihany koa ny oran'ny latsabato, indrindra fa ny ankamaroan'ireo teboka voalaza ireo dia tsy tena zava-baovao tsy akory³⁸.

Misy zavatra iray mazava tsara rehefa zohina ny fihetsiky ny mpifidy nandritra ny Repoblika efatra nisesy : takon'ny mahazizy azy ny kandida ny fandaharanasany ka mazana ny safidy no mandeha any amina filoha izay mitondra nofy, rehefa tsy latsabato famaizana no misy. Misy ifandraisany amin'ny fiainan'ny olona ny demokrasia izany. Tsy hiorim-paka anefa ny demokrasia raha tsy ny olompirenena no mahatsapa ny nofinofy ankehitriny ary indrindra ny fametrahana-pitokisana amina mpanavotra, manana fahefana amin'ny rehetra sy mahafantatra ny zavadrehetra. Indraindray dia ny vahoaka ihany no manome fahefana ireny mpanao politika ireny hampiasa izany hanerena azy. Mbola azo lazaina ve ny fa miaina ny demokrasia ny olona ?

38 Porofa : ny MAP 2.0 sy ny MAP Plus dia ny dika nohatsaraina sy nohavaozina mba hifanaraka amin'ny ankehitrin'ny MAP, izay nentina nampandaniana indray an-dRavalomanana Marc tamin'ny 2006.

Mila fameloman'aina ny fiainana ny demokrasia mba tsy ho sakana amin'ny firotsahan'ny olompirenena

Ny 92%-n'ny olona nanontaniana dia vonona ny handeha handatsa-bato amin'ny fifidianana filoham-pirenena ho avy io. Manify dia manify ny elanelan'ny taham-pazotoana eo amin'ny mponin'ny faritra an-tanàndehibe (91%) sy amin'ny toerana ambanivohitra (98%) ary ireo faritra samy hafa. Raha ny isa-paritra dia i Melaky no malaina indrindra (75%) raha Androy kosa no mazoto indrindra (100%). Azo lazaina ho vavolombelon'ny fahaveloman'ny demokrasia izany satria ny fampiasana ny zo hifidy dia endrika iray lehibe handraisan'ny olompirenena anjara amin'ny fiainana ny demokrasia. Araka ny mahazatra dia marisika kokoa ny olona amin'ny fifidianana filoham-pirenena noho ny fifidianana solombavambahoaka na ny eny anivon'ny kaomina³⁹ na dia hita fa miharesy tosika aza ny fanetsehana handeha hifidy⁴⁰.

Mahakasika ny sokajy arak'asa rehetra ny fahavononana handatsabato ka 91% ny salanisa ankapobeny amin'izany raha 99% ny an'ireo tsy an'asa. Mampiseho ihany koa ny vokatry ny fanadihadiana fa arakaraky ny fandrosoan'ny taona ny fazotoana handatsabato. Izany no tsapa amin'ireo 40-49 taona (93%), ny 50-59 taona (97,5%) ary ireo efa lehibe mihoatra izany (97%). Tsy isalasalana fa mahatsapa kokoa izy ireo fa adidin'ny olompirenena ny latsabato, fihetsika iray mitory fitiavan-tanindrazana. Misy tranga iray mampanahy anefa : toa manalavitra ny politika (54%) sy toa mihatakataka eo anatrehan'ny raharaham-pifidianana (19%) ny salan-taona 18-24 taona. Fankahalana ny politika sy ny antoko politika ve ? Sady eny no tsia satria tsy ny latsabato ihany no fomba fanehoan-kevitra politika ary ny maha-olompirenena dia tsy aseho fotsiny amin'ny latsabato, ary tsy voatery midika fialana andraikitra ny tsy fandehanana mifidy. Porofon'izany ny fahavitrihan'ny tanora eny anivon'ny tontolom-pikambanana izay mivoy ny fanao mifanandrify marimarina amin'ny zavatra mahaliana azy kanefa tsy iharan'ny politika ambadika.

Amin'ireo 8% tsy handeha handatsabato dia milaza ny 27% fa sady tsy liana amin'ny politika no tsy liana amin'ny fifidianana. Kely finoana ny amin'ny ilàna ny safidiny ny 10% ary mametraka ahiahy ny amin'ny fahamarinan'ny latsabato. Voakiana matetika ny fisavoritahana sy ny fisamatsamahana raha raisina ohatra ny « fatoritorin'ny mpitondra » manoloana ny olana mivaivay – raisina amin'ny lemilemimpanahy ihany anefa izay rehefa jerena ny fiainan'ny fiarahamonina ankehitriny izay anjakan'ny tsy misy andraso andraso – na koa ny fahalemen'ny fitaovana enti-mampiana ny tamberinandraikitra. Izany dia midika fa marisarisa ny

39 Raha 53,95% ny taham-pahavitrihana tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 2018, dia nidina ho 40,64% izany tamin'ny fifidianana solombavambahoaka ny 27 mey 2019 ary manodidina ny 33% tamin'ny fifidianana teny anivon'ny kaomina ny 27 novambra 2019.

40 Taham-pahavitrihana tamin'ireo fifidianana filoham-pirenena : 86,75% (1982), 81,04% (1989), 73,93% (1993), 58,41% (1996), 66,84% (2001), 61,93% (2006), 48,32% (2013) ary 53,95% (2018).

demokrasia. Zara raha mahatontosa io anjara asa io ireo toerana mahazatra natao ho an'ny adihevitra, tahaka ny lapan'ny Antenimierampirenena. Vokatry izany rehetra izany, dia isaky ny fifidianana ihany, amin'ny fotoana itsarana ny olomboafidy nanapitra ny fotoam-piasany, vao mitamberina ny asa nataony izy ireo. Ny fahaverezam-pitokisan'ny ampahan'ny fiarahamonina, tsy mifidy taona io, izay fihetsehampo iraisana hatramin'izay na iza na iza nitondra teo, dia toa vavolombelon'ny fifampihatahan'ny zavatra tsapan'ny olona amin'ny fiainany sy ny sermona ara-politika nodradradradraina hatry ny ela, andaniny, mbamin'ny tsy fahampian'ny ohatra mivaingana sy ny tamberinandraikitra manoloana ny fifidianana, ankilany. Rehefa amin'ny fotoam-pifidianana dia mety miseho izay fahatezerana faobe izay amin'ny tsy fandehanana mifidy tsotra izao na ny fanaovana vato fotsy.

Ny 36% dia milaza fa ny tsy fahitana ny anarany ao amin'ny lisi-pifidianana no tena antony tsy handehanany mandatsabato. Sakana tsy avy amin'ny tenany manokana izany raha jerena maimaika saingy rehefa fakafakaina dia mbola mampiseho ihany ny fahalainany amin'ny fiainana politika satria eto Madagasikara ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana dia miankina amin'ny nahimpon'ny tsirairay ary any amin'ny fokontany ny fisoratana anarana, izany hoe any amin'ny toeram-ponenan'ny mpifidy. Ho fialantsiny dia namaly ho tsy manam-potoana nanamarinana ny momba azy tao anaty lisi-pifidianana tany amin'ny fokontany ny 11%. Ny 8% kosa nanilika ny tsy fahafaha-mifidy amin'ny tsy fananana karapanondro, izay taratasy ara-panjakana ahafahana misitraka ny zo maha-olompirenena anefa. Sahala amin'ny kopiam-pahaterahana, ny karapanondrom-pirenena dia manome zo hisitraka ny maha-olompirenena. Ara-drariny sy hitsiny loatra, noho izany, raha miandrindra ny hahazoan'ny tanora 18 taona noho miakatra karapanondro (48%) sy ny hanoratana ny zaza vao teraka (45%) izy ireo ho fanandratana ny zo aman-kasin'ny olompirenena.

Araka ny fanadihadiana dia azon'izy ireo an-tsaina fa tsy mijanona fotsiny amin'ny fifidianana ny fandraisan'anjaran'ny olompirenena. Samy mitondra fahavelomana ho an'ny demokrasia izay iainana isanandro « ny fanaraham-baovao amin'ny fahitalavitra, onjampeo, gazety, ny fanarahana adihevitra, ny fanehoan-kevitra amin'ny tambazotra sosialy, ny fandraisan'andraikitra any anatin'ny rafitra fakankevitra eny amin'ny kaomina, ny fanaovana asa adisisika momba ny ady amin'ny kolikoly sy ny fifandanjan'isa ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fandraisan'andraikitra, ohatra, na ny maha-zavadehibe ny fifidianana, ny fidirana mpikambana amin'ny antoko politika, ny firotsahana amina fikambanana ao anatin'ny firaisamonim-pirenena, ny fandraisana anjara amin'ny fanarahana ny zotram-pifidianana ». Vitsy dia vitsy ny milaza fa mpikambana amin'ny antoko politika satria azo antoka fa sahiran-tsaina manoloana ny fisian'ny vondrona politika zavontany izay indraindray tsy tena misy akory ny sasany. Anarany fotsiny ho an'ny ankamaroany. Matetika no noforonina na nateraky ny fisaraham-bazana noho ny kajikaky ara-pifidianana fotsiny ihany ka zary poakaty, tsy manana fironana politika sy ara-ideôlôjia ary indrindra vinam-piarahamonina akory, hany ka sarotra ny manavaka ny antoko A amin'ny antoko B. Tsy milaza mazava ny ideolojiana

ny antoko ka mananosarotra ny famantarana izay tena toerany eo amin'ny kianja fanaovana politika.

Ny 52%-n'ny olona nanontaniana dia nilaza fa liana amin'ny politika na farafaharatsiny tsy manao mody tsy mahita ny politika. Ho an'ny 57%-n'izy ireo, ny hoe liana amin'ny politika dia ny manara-baovao. Zara raha misy 15% ny mamadika azy ho "firotsahana amin'ny fanaovana politika". Azo tsoahana amin'izany fa tsy manaitra firy ny olompirenena ny politika. Izay rahateo ihany koa no mivoaka any amin'ny fanehoan-kevitra ny olona samy hafa. Milaza tsy mivaky loha amin'izany ry zareo satria zavatra hafa no manahiran-tsaina azy : « Andro sarotra izao », « Tsy hanova inona amin'ny fiainako isanandro », « Tontolon'ny lainga ». Misy sasantsasany, mifanohitra amin'izy ireo, izay manambara fa tsy isan'ny tsy mivaky loha amin'ny politika : « Mihaino sy mamakafaka aho mba tsy ho mora andairan-dresaka sy afaka mananatra ny zanako mikasika ny fiainana maha-olompirenena s », « Mba hahatakatra tsara izay rehetra mitranga sy hanan-javatra enti-mandanjanja ho an'ny safidy voahevitra tsara amin'ny fotoam-pifidianana ». Misy olona eo anelanelan'ireo fijery roa ireo mahatsiaro ho voakasika saingy tsy mirotsaka antsehatra. Tsy maharototra azy ny politika fa miezaka ny hahafantatra ny zavamisy fotsiny izy. « Indraindray aho no manaraka ny vaovao ao amin'ny Facebook », « Henoiko ny fanehoan-kevitra samy hafa saingy sorohako ny maneho ny hevitra, ary indrindra ny mitsabaka amin'ny lalao politika sarotra ». Ny tahotra maneho hevitra sy mampahafantatra ny ao an-tsaina, indrindra indrindra ny mikasika ny resaka manahirana sy miteraka resabe dia fambaran'ny krizin'ny demokrasia. Hita tamin'ny fakankevitra fa maneho fientanampo kokoa amin'ny politika ny zokinjokiny noho ny tanora. Misarika ny saina hieritritra ny fahalalana fa ny 14%-n'ireo liana amin'ny politika dia baikon'ny « tombontsoa sy ny tombondahiny » ary ny 16%-n'ireo tsy taitra mihitsy no milaza fa tsy mahazo antoka fa hahazo ny anjarany izy ireo. Ny fanao ratsin'ny mpanao politika, ireo lazaina fa « mpanao politika matihanina », araka ny heviteny fandraboriboriana, no mahavasoka ny olompirenena raha jerena maimaika. Torak'izany ihany koa ny amin'ny fahazarana miandry tolaram-potsiny nentin'ny mpanao politika izay, mba hakana ny fon'ny vahoaka, dia tsy manadino, rehefa mandalo mitsidika, mizara sakafo, akanjo sy lamba firakotra, kojakojan-dakozia, vola. Tena ankasitrahana'ny olona tokoa izay fihetsika izay ary nahazo naoty 7,4 amin'ny 10.

Rehefa nasaina naneho hevitra mahakasika ny firafitra politika izay heverina fa mety kokoa ho an'ny firenena ny olompirenena dia nilaza ny ankamaroany fa mankasitraka ny fanao mandala ny demokrasia. Io fanao io, araka ny hevitr'izy ireo, dia « miantoka ny falalahan'ny fanehoan-kevitra sy ny fitovianjon'ny daholobe », miaro ny zon'ny vitsy an'isa na dia hafahafa aza ny fijeriny ny fikambanan-dehilahy manambady lehilahy sy vehivavy manambady vehivavy (LGBT). Miady fo mafy ho fampanjariana ny federalisma ny sasany mba hisian'ny fifandanjana ara-politika, ara-toekarena ary ara-tsosialy indrindra indrindra. Mankatoa ny fitondrana iray tsy anombinana ny 48%. Ny 36% kosa dia miandrindra fitondrana iray tsy anombinana itsinjarampahefana ka miainga any amin'ny faritra ny fanapahankevitra mikasika ny fampandrosoana. Ny Rafitra federaly ho an'ny 9%.

Fitondrana iray tsy anombinana ivangongompahefana ho an'ny 3%. Mbola nofinofin'ny 6% ny fitazonana ny fitondran'andriamanjaka ka ny antsasany amin'ireo dia mbola te-hitana ny fitondran'andriana isam-poko.

Mbola mibadabada raha ny demokrasia. Heverina hivoatra sy hihamafy orina izy amin'ny « alalan'ny fomba fanao mampandray anjara amin'ny fanapahankevitra⁴¹, ny vovonana fanaovana fitakiana, ny firafitra fitsapankevibahoaka avy amin'ny olompirenena ary indrindra amin'ny alalan'ny fanabeazana hanaja fitsipika mba hampanjakana ny filaminana mba tsy hisy intsony ny olona eo ambonin'ny lalana ». Miseho masoandro ny faniriana ny hisian'ny jadona, izay mety ho tsy fantany akory ny tena heviny saingy afangarony amin'ny fitondram-panjakana matanjaka, mba hanana ny hasiny kokoa ny fahefana sy ny fitsipi-pifehezana. Mampibaribary ny fahabangan'ny fahafantarany ny politika izay fisafotofotom-pahatsapana izay. Fantatr'izy ireo ny maha-zavadehibe ny fisaraham-pahefana izay miantoka ny fahaleovantenan'ny fitsarana, araka ny heviny. Eken'izy ireo ihany koa fa ny fandoavan-ketra dia adidin'ny olompirenena koa manolo-kevitra mihitsy izy ireo mba hamerenana ny « hetra isan-dahy » ho fampanjakana ny rariny ara-ketra na dia mitsipaka izany fandoavan-ketra izany aza ny 10%-n'ny nanontaniana. Fomba entina mandresy izay fihazohazoana izay sy manentana ny olona hanefa ny adidy ara-ketra ny hetra ara-drariny, ny fitsinjarana ara-drariny ny hetra voavory, amin'ny fanamboaran-tsekoly, tobim-pahasalamana sy sampandraharaha manakaiky vahoaka ary mahomby. Izay indrindra no mahatonga azy ireo misisika fatratra ny amin'ny firotsahan'ny olompirenena an-tsehatra bebe kokoa, ny fanamafisana ny fitantanana ara-demokratika sy ny tamberinandraikitra ho an'ny daholobe amin'ny alalan'ny mangarahara amin'ny fandaniambolam-panjakana (naoty 8,8 amin'ny 10), ny tolobidy sy ny fahombiazan'ny politikam-panjakana mbamin'ireo rafitra sy sakeliky ny asam-panjakana amin'ny famoahana ho fantatry ny besinimaro ireo tondro mazava sy ny fanatrarana azy.

Ezaka goavana tsara atao ankehitriny ny mikasika ny fanabeazana ny maha-olompirenena miaina ny demokrasia sy ny zon'olombelona mba hahafahan'ny olompirenena manapaka ny heviny amin'ny fiainam-pirenena sy ny fandraisana fanapahankevitra amin'ny anaran'ny vahoaka sy ho an'ny vahoaka. Mampikorosofahana ny fiainana ny demokrasia ary mampalemy izany demokrasia izany ny fitehirizana mandritra ny fotoana ela ireo karazam-panao ekena ho manankery sy ny fampiasana azy ireny ho an'ny tombontsoa manokana. Noho ny tahotra ny valifaty, ho fitandroana ny filaminana ao anaty fiarahamonina, mba tsy hanafintohina, noho ny tahotra ny fahefana, ho fanajana ny raiamandreny, dia maro amin'ny Malagasy no misafidy hanakombona ny vavany, mandanjanja ny teniny, tsy sahy manao fitakiana na dia ao anatin'ny zony tsara aza izany, tsy mitady raharaha manakiana na mitoroka ihany

41 Rafitra fakan-kevitra (RFK). Fomba fandrafetana ny tetibola ifandrimbonanana eny anivon'ny kaomina izay ahafahan'ny olompirenena mandray anjara amin'ny fanapahankevitra mahakasika ny safidy, ny fanaovana laharampahamehana, ny fanatanterahana ary ny fanjohina ny tetikasa ampiasan'ny kaomina vola – Fikaonandoham-paritra mikasika ny tetibola.

koa fa mihataka lavitry ny fiainam-politika. « Mazava loatra fa ny haben'ny tahotra no nandrakotra ny fibadabadan'ny demokrasia sy nanamafy ny tsy fifandanjan-kery teo amin'ny tompom-pahefana sy ireo eo ambanin'ny fahefana (...) Ny fanabeazana irery ihany no afaka manala ny Malagasy eo ambany vahohon'ny fivoaram-panahy aman-tsaina mora milefitra sy mamoy ny zo ananana amin'ny maha-olompirenena »⁴².

Izay no lalana hampivoarana ny kolotsain'ny demokrasia, hananan'ny olompirenena toetsaina mamakafaka sy foto-pisainana iombonana hampahomby azy amin'ny fanatanterahany ny andraikiny. Hita taratra tao amin'ny fanadihadiana izany. Ho « fanarenana ny tany tsy ta-dalàna izay miseho lany isanambaratongany, ny 53%-n'ny olona nanontaniana dia mihevitra fa tsara raha hamafisin'ny filoha ny fanabeazana ». Manampy amin'ny fanatsarana ny fanehoan-kevitra ny olompirenena ny fahazoam-baovao mitombina sy feno. Noho izany, ny fanabeazana entin'ny serasera sy ny fampahalalam-baovao dia tena ilaina tokoa mba hahafahan'ny tsirairay mahazo sy mandanjalanja arahan-tsikera ireo karazam-baovao marobe etsy sy eroa izay voizin'ny sehatra fampitam-baovao isan-karazany tsy anavahana fironana sy firehana.

Manimba ny fiainana ny demokrasia ny fatoritorian'ny maha-olompirenena vanona sy ny fahalainana amin'ny politika. Tsy resaka am-bava na teren-ko masaka ny demokrasia. Hatevenina tsikelikely ao anatin'ny toy ny tranon-dandy izy. Noho izany, ny fanjakana, sahala amin'ny firaisamonim-pirenena sy ny antoko politika ihany koa, dia samy manana adidy hampiroborobo ny fiainana ny maha-olompirenena amin'ny lafiny sosialy sy tontolo iainana ka manentana ny olompirenana mba hirotsaka sy handray andraikitra, hiantoroka adidy amin'ny fiaraha-miaina sy ny tontolo iainana. Izany dia mba hanarenana ny fahalainana amin'ny politika sy ny tsy fahatokiana ny zotra iorenan'ny demokrasia. Misandrahaka hatrany ny fahafahan'ny olompirenena mandray anjara amin'ny fiainana ara-politika raha tsy hilaza afa-tsy ny fitorohana ny fihoarampefy any amin'ny tambazotra sosialy, ny fidirana amin'ireny vovonana samy hafa fampandraisana anjara ny olompirenena entin'ny fikambanana ao amin'ny firaisamonim-pirenena ireny, ny fandraisana anjara amin'ny adihevitra miompana amin'ny tetibola izay karakaraina eny anivon'ny faritra mba hiadiana hevitra mahakasika ny laharampahamehana. Torak'izany ihany koa, mandroso miandalana ny demokrasia mampandray anjara na vao miana-mandady aza. Moa va tsy ny fanomezana vahana ny olompirenena handray anjara isanandro amin'ny raharaham-pirenena ifotony sy nasionaly no tanjaky ny demokrasia? Ka ny firafitra politika misokatra amin'ny fandraisana anjara no ifampitondrana, dia izay mamela ny hetsiky ny fiarahamonina haneho ny heviny mialohan'ny fanapahankevitra mba ho politikam-panjakana vokatry ny hesika iombonana sy niaraha-nandrafitra no ampiharina.

Anjaran'ny antoko politika ny mampiseho fa izy ireo dia tsipi-panohizana tokoa manelanelana ny olompirenena



sy ny mpanapakevitra politika. Andraikiny ny mandresy lahatra fa ilaina ny miditra ho mpikambana amin'ny antoko politika sy ny mandeha mandatsabato, ny mampiseho fa tena tomponandraikitra tokoa eo imason'ny mpifidy ka mikatsaka setriny mahomby amin'ny filàn'izy ireo sy ny hetahetany. Mahavalalanina ny fahafantarana fa ny 15%-n'ny mpikambana amin'ny antoko politika nohadihadiana dia mahasahy manamafy fa tsy manan-danja aminy ary tsy ilaina ny fanaovana ny fampianarana farafaharatsiny hatramin'ny ambaratonga faharoa ho maimaimpoana mbamin'ny fahazoan'ny mponina rehetra vaovao marolafy.


Ankoatra ny olona izay mihataka ny raharaham-pifidianana noho ny antony samy hafa, toy ny fari-pahalalany, ny toepahasalamany, ny asa aman'andraikiny, ny tsy fahafahany mandeha mandatsabato, ny fahalainana mifidy, izay somary lehibe ihany tao anatin'izay taona maro izay, dia manana ny heviny politika tokoa satria heverin'ireo malaina mandeha mifidy fa ampy ho an'ny sehatra politika ny fanehoany ny tsy fifaliampony amin'izy ireo. Liana mandrakariva amin'ny politika ny olompirenena saingy tsy mahafapo azy ireo amin'ny ankapobeny ireo tolotra politika amin'ny fifidianana. Maro amin'ny olona no mahita fa maizintsaina ny mpanao politika ary lazainy fa tsy azo tahafina, izay tafafina amin'ny fahadisoampanantena any amin'ny raharaham-pitsarana, ny fanodinkodinana ny volam-bahoaka, ny fampifangaroana tombontsoa... Na izany aza, ireo fijery rehetra manodidina ny kolotsaina, ny tantara ary ny politika ireo dia tsy azo raisina ho fialantsiny amin'ny tsy firosahana an-tsehatra satria ny tanjona dia ny hisian'ny demokrasia amin'ny alalan'ny fifidianana maharaka vanimpotoana, malalaka, mangarahara, ara-drarin'ny ary avy amina loharanombola mety. An'ny tsirairay ny misikim-ponitra ho fampiroboroboana ny demokrasia ateraky ny fifidianana tsy misy rahoraho, ho an'ny fidirana an-tsehatry ny olompirenena mivantana sy mahitsy.

Raha toa ka mitsinjo ny vahoaka ny zava-bahoaka dia ho liana amin'ny zava-bahoaka ihany koa ny vahoaka. Eo amin'ny fiainana andavanandro ary indrindra eo amin'ny sehatry ny fiainana ara-politika, ny Filohan'ny Repoblika no fitaratra. Izy no trafo nasondrotry ny nofo ary vovonana iadian'ny lohany.


Noro Razafimandimby

Mpanao gazety, Mpahay lalàna,
Mpamakafaka ny politika

42 Voankazoanala, Foi & Justice, 2014, La peur, contrainte et dépassement.



**FOMBA NANA-
TONTOSANA NY
FANADIHADIANA**



Lafiny fakankevitra

Fotoana nanatanterahana ny fakankevitra

Ny faha-20 ka hatramin'ny faha-28 jolay 2023.

Fomba fiasa

Mialoha ny nirosoana tamin'ny fanadihadiana tamin'ny olona maro - izay voarakitra ao anatin'ity tatitra ity ny vokany - dia natao ny fanangonan-kevitra tamin'olona vitsy kokoa, mba hahafantarana ny fijerin'ireo olona kinendry isa-tsokajiny avy, hahatakarana ny fihetsiny ary hanehoana ny am-bavany. Izany dia nahafahana nandrafitra ireo andiam-panontaniana hapetraka mandritra ny fanadihadiana.

Fomba nakankevitra: firesahana mivantana isan'olona.

Fitsinjaran'ny olona nanontaniana

Olompirenena				
Toerana	Vehivavy/ Lehilahy	Taona	Sokajy ⁴³	Isany
Antananarivo	Vehivavy	56	B	1
	Lehilahy	18	A	1
Behenjy	Vehivavy	22	C	1
	Lehilahy	30	D	1
Toamasina	Vehivavy	24	C	1
	Lehilahy	30	A	1
Brickville	Vehivavy	32	D	1
	Lehilahy	65	C	1
Toliara	Vehivavy	43	C	1
	Lehilahy	19	E	1
Sakaraha	Vehivavy	40	B	1
	Lehilahy	65	D	1
Fitambarany				12

Vondrona		
Toerana	Vavy/lahy	Isany
YLTP	Vehivavy	1
	Lehilahy	1
YLS	Vehivavy	1
	Lehilahy	1
Firaisionim- pirenena	Vehivavy	1
	Lehilahy	1
Antoko politika	Vehivavy	1
	Lehilahy	1
Fitambarany		8

Fomba famaky ny vokatry ny fakankevitra

Alefa mialoha hatrany ireo hevi-dehibe mivoitra (miverimberina matetika) isaky ny lohateny.

⁴³ Ny andinindiny momba ireo sokajy dia hita ao amin'ny Voambolana sy Fiteny manokana : pejy 24

Lafiny fanadihadiana

Fotoana nanatanterahana ny fanadihadiana

Ny faha-11 ka hatramin'ny faha-25 aogositra 2023.

Fomba nifantenana ny santionany

Endriky ny fanadihadiana: olona maro no nanontaniana

Fomba nanaovana ny fanadihadiana:

- antso an-telefaona ka nosafidiana an-jambany ny laharam-pindain'ny sarababen'ny mponina ary nampifandimbiasana ny orinasan-tserasera
- antso an-telefaona natao tamin'ireo olona efa nananana mialoha ny lisitra misy ny laharam-pinday, dia ireo izay avy amin'ny fikambanana ao anatin'ny firaisamonim-pirenana, ny antoko politika, ny YLTP⁴⁴ ary ny YLS⁴⁵. Isan'ny niara-niasa tamin'ny FES ireo vondrona ireo tamin'ny fandaharanasany avy, koa tsara raha azo ny heviny mba handrefesana ny elanelany amin'ny an'ny sarambaben'ny mponina.

Haben'ny santionany

Olona miisa 1543, ka vehivavy ny 640 ary lehilahy ny 903, izay mampiasa finday any amin'ny Faritra miisa 23 no nanaovana ny fandinihana ka :

- ny 1 500 dia olompirenena avy amin'ny sarambaben'ny mponina
- ary ny 43 kosa dia olompirenana efa nananana mialoha ny lisitra misy azy

Fetra-pahadisoana

2,5%

Fanaboriborina

- Noboriborina ho 1 600 ny isa tany amin'ny orimpisainana nandritra ny fikirakirana
- Noboriborina ny isanjato azo tamin'ny fikirakirana mba hahamora ny vakiteny.

Fomba famaky ny vokatry ny fanadihadiana

Fanazavana ny naoty amin'ny 10 anehoany ny fiheverany

- 6,8 sy mihoatra : fijery mitory fankasitrahana (raha ambonin'ny 7,0 : tena tsara ny fiheverana)
- 6,7 sy latsaka : fijery mitory tsy fankasitrahana (raha ambanin'ny 6,0 : tena ratsy ny fiheverana).

Dikan'ny loko ao anaty tabilaon'ny naoty

- **Naoty tsara** : 6,8 ka hatramin'ny 10 amin'ny 10
- **Naoty salantsalany** : 6,5 ka hatramin'ny 6,79 amin'ny 10
- **Naoty ratsy** : 0 ka hatramin'ny 6,49 amin'ny 10.

Fampitahana ny isa azo sy ny isanjato isaky ny toetoetra

- **na +** isa azo / ambony lavitra ny isanjato raha mitaha amin'ny salanisan'ny sokajy voaresaka, hatramin'ny fetra farany 95%
- **na -** isa azo / ambany lavitra ny isanjato raha mitaha amin'ny salanisan'ny sokajy voaresaka, hatramin'ny fetra farany 95%



⁴⁴ Youth Leadership Training Program

⁴⁵ Youth Leadership Seminar

Voambolana sy Fiteny manokana

Sokajy ara-piarahamonina	Asan'ny loham-pianakaviana*							
		e1+2	e3+5	e4,6+7	e12	e8+9	e11+14	e15
Lentan'ny fianarana norantovina	Bakalorea + 4 taona na mihoatra	A	A	B	B	C1	C1	D
	Bakalorea ka hatramin'ny bakalorea + 4 taona	A	B	C1	C1	C2	C2	D
	Kilasy faharoa hatramin'ny kilasy famaranana	B	C1	C2	D	D	D	E1
	Hatramin'ny kilasy fahatelo	C1	D	D	E1	E1	E1	E3
	Hatramin'ny kilasy fahaefatra, tsy nandia fianarana ary ireo tsy niteny mikasika ny fianarana vitany	D	D	D	E2	E2	E2	E3

- *e1 Tale jeneraly, mpitantana orinasa mampiasa olona miisa 6 na mihoatra
- e2 Lehibe any amin'ny sehatrasa malalaka : mpisolovava, mpitsabo, mpanolo-kevitra (consultants)
- e3 Mpiasa amin'ny sehatrasa malalaka ka manana ny fahaizamanao ilaina amin'izany
- e4 Tale jeneraly, mpitantana orinasa mampiasa olona miisa 5 na latsaka
- e5 Tomponandraikitra antenantenany any amin'ny orinasa mampiasa olona miisa 6 na mihoatra
- e6 Tomponandraikitra antenantenany any amin'ny orinasa mampiasa olona miisa 5 na latsaka
- e7 Mpiasa tena amin'ny orinasa madinika, tompon-toeram-pivarotana, mpanao taozavatra sy ny toy izany mampiasa olona miisa 6 na mihoatra
- e8 Mpiasam-panjakana, manana ny fahaizana ilaina saingy tsy tomponandraikitra ambony (mpikirakira vola...)
- e9 Mpiasa tena amin'ny orinasa madinika, tompon-toeram-pivarotana, mpanao taozavara sy ny hafa mampiasa olona miisa 5 na latsaka
- e10 Mpianatra amin'ny ambaratonga ambony/mpianatra amin'ny ambaratonga ambany
- e11 Mpiasa birao tsotra (ohatra : mpitantsoratra, mpanampy ny mpikirakira vola...)
- e12 Mpamboly na mpanjono
- e13 Renim-pianakaviana ao an-tokantrano
- e14 Mpanaramaso sy mpanao asa-tanana manana ny fahaizamanao manokana
- e15 Mpiasa manao asa-tanana, mpanampy sy mpiasa an-trano
- e16 Mpiasa misotro ronono na tsy afaka miasa noho ny kilema na aretina na tsy an'asa amin'ny fotoana voafetra na tsia



Fitsinjaran'ny olona nanontaniana

Ny sokajin'olona nanontaniana	Isany	Isanjatony
Fitambarany	1600	100%
Vehivavy/Lehilahy		
Vehivavy	664	42%
Lehilahy	936	59%
Taona		
18-19	39	3%
20-24	264	17%
25-29	303	19%
30-34	239	15%
35-39	177	11%
40-44	154	10%
45-49	116	7%
50-54	96	6%
55-59	87	6%
60 taona sy mihoatra	124	8%
Sokajy ara-tsosialy sy arak'asa		
A	65	4%
B	75	5%
C1	146	9%
C2	286	18%
D	323	20%
E1	280	18%
E2	135	8%
E3	210	13%
Tsy miasa	80	5%

Tanora latsaky ny 35 taona ny antsasa-manilan'ny namaly fanontaniana (54%), 42% ny vehivavy ary any ambanivohitra ny 34%.

Naseho araka ny toetoetra (mahalehilahy na vehivavy, taona, faritra iaviana, sehatra misy ny toeram-ponenana, vondrona kinendry) ny vokatry rehefa hita fa misy dikany ara-tarehimarika (fitsapana araka ny khi2) izany. Tsy navoaka ho hita ny vokatry ny fampivadiana orimpisainana tsy misongadina.

Ny sokajin'olona nanontaniana	Isany	Isanjatony
Faritra		
Itasy	39	3%
Analamanga	472	30%
Vakinankaratra	92	6%
Bongolava	20	1%
Diana	65	4%
Sava	56	4%
Amoron'i Mania	32	2%
Haute Matsiatra	121	8%
Vatovavy	18	1%
Fitovinany	20	1%
Atsimo-Atsinanana	48	3%
Ihorombe	20	1%
Sofia	25	2%
Boeny	142	9%
Betsiboka	12	1%
Melaky	5	0%
Alaotra-Mangoro	67	4%
Atsinana	149	9%
Analanjrofo	39	3%
Menabe	26	2%
Atsimo-Andrefana	85	5%
Androy	11	1%
Anosy	33	2%
Sehatra misy ny toeram-ponenana		
Antanan-dehibe	1058	66%
Ambanivohitra	542	34%
Vondrona kinendry		
Sarambaben'ny mponina	1549	97%
Firaisamonim-pirenena	5	0%
YLTP	4	0%
YLS	19	1%
Antoko politika	24	2%




SONGADINA



Toetoetry ny Filoha




Mahalehilahy na Mahavehivavy




Vehivavy na lehilahy, tsy olana amiko

Zompirenena




Malagasy ihany fa tsy ankoatra izay

Zavatra ananana




Tokony hanana maripahaizana sahaza ny Filoha vaovao

Tombontsoa iadidina sy itompoana




Tokony hanao laharampahamehana ny famaliana ny tombontsoan'ny sokajin'olona mahantra sy ny antonony ny Filoha ho avy eo

Fanarenana ny tany tsy tan-dalàna



Ny Filoha ho avy eo dia tokony hanabe ny olompirenena mba hanarenana ny tany tsy tan-dalàna isan'ambaratongany

Hetaheta misongadina




Ny andrasana voalohany amin'ny Filoha ho avy eo dia ny hampihatra ny fampitovian-jo ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna

Vinam-piarahamonina




Fanandratana ny zo aman-kasin'ny olompirenena




Manana asa andraisan-karama mahavelona ny ankohonany

Fanabeazana fototra




Ny olona nahazo fiofanana araka ny tokony ho izy ihany no omena alalana hampianatra

Fihariana




Miroborobo ny fambolena, ny fiompiana, ny jono ary ny asatanana, ary afaka miatrika ny fikorontanan'ny toetrandro

Fiarovana ny olona




Fiarovana ny olona

Politika



Afaka mifandray tsy tapaka ny mpitondra sy ny olompirenena


Endriky ny Fitondram-panjakana



Fitondram-panjakana iray tsy anombinana itsinjarampahefana




Fazotoana handatsabato



Handatsabato aho amin'ny ffidianana Filoham-pirenena

Fahalianana amin'ny politika



Liana amin'ny politika aho





FIZARÀNA 1
TOETOETRY NY
FILOHA

Filoha manao ahoana no andrasanao ho an'i Madagasikara ?

Valiny miaraka amin'ny vava

Ireo valiny miaraka amin'ny vava nasetrin'ireo nakan-kevitra (avy amin'ny sokajy rehetra) :

- Filoha mahafantatra ny **zavamisy eto amin'ny firenena ary mahalala ny filàn'ny vahoaka sy ny hetahetany**
- Filoha manana **vina mazava sy fandaharanasa voafaritra tsara**
- Filoha manana **hazondamosina, vonona hiaro ny tombontsoan'i Madagasikara ary tsy manaiiky lembenana**
- Filoha **mahatoky noho ny fahamarinany, tsy mangalatra ary mitana ny teniny**
- Filoha **tsy andevozin'ny fitiavantena**
- **Mpitarika mahay misafidy ny mpiara-miasa akaiky aminy, mahay mihaino ny hafa ary mahay mitantana ny raharaham-panjakana**
- Filoha **hendry sy manana fahamatorana**
- Filoha **feno fahitsiana sy mpandala ny mangarahara**
- Filoha **tanora, azo atao modely alain-tahaka**
- Filoha **vory saina tsara**
- Filoha **mpino**
- **Olom-baovao tsy àry mbola hita teo amin'ny tontolo politika mba hitondra rivo-baovao.**

Ny fifandraisany amin'ny firenena

- Tsy maintsy teratany malagasy, Malagasy ray Malagasy reny ary mizaka zompirenena malagasy dia malagasy irery ihany (ny rehetra nakan-kevitra)
- Filoha mitondra mankany amin'ny tena firaisam-pirenena
- Tokony ho laharampahamena aminy ny olompirenana sy ny firenena : manaisotra ny firenena amin'ny fahantrana.

Fanoritsoritana ankapobe

Taona

- 40 taona farafahakeliny : efa nahazo taona ka manana fahamatorana, manana traikefa amin'ny lafiny fitarihana, efa niaina lafin-javatra maro ahafahany mitondra olona, azo lazaina ho mbola tanora ka manan-kevitra manavao takian'ny vaninandro ary mbola manam-potoana tsara ihany koa hanovan-javatra.
- Eo anelanelan'ny 50 sy 60 taona : efa niaina krizy isan-karazany kokoa ka hanao izay tsy hizoran'ny firenena any amin'ny krizy, manana fahamatorana ampy itondrana ny firenena, mbola vory saina tsara ary manana ny hery hampandrosoana ny firenena.
- Misy vitsy an'isa mihevitra fa tsy fepetra hentitra ilaina ny resaka taona, ny zavadehibe dia ny fananana ny fahamatorana itondrana ny firenena ka tsy mivadibadi-dela lava, manana ny fahaiza-manao ilaina, mahazaka tsindry ary mahazona an-tsaina mandrakariva ny tombontsoam-pirenena.

Mahalehilahy sy mahavehivavy

- Ny maro an'isa dia miandry Filoha lehilahy. Ny lehilahy irery ihany no manana ny fahefana, ny fahaiza-manentana, ny fahaiza-mitarika, kinga saina kokoa noho ny vehivavy, ary « ny lahy no lohan'ny vavy ». Toy ny hafahafa izany eo ambany fahefam-behivavy izany (iraisan'ny olompirenena nakan-kevitra izay fiheverana izay, tsy anavahana taona, na mahalehilahy sy mahavehivavy na sokajy hafa).
- Ho an'ny hafa kosa dia tsy fepetra manan-danja mafonja ny maha-lehilahy na vehivavy. Ny fahaiza-manao, sy ny herin-tsaina ary ny fandaharanasa no zava-dehibe.
- Misy ny vitsy an'isa izay mirona amin'ny fisafidianana vehivavy satria manana fahamatorana kokoa, mafy hatoka kokoa, mahay mamakafaka ary mahatsapa kokoa ny zavamisy ka afaka mampiroborobo ny sehatra ara-tsôsialy. Misy ihany anefa ny indro kely : « Raha ny fiarahamonintsika dia tsy mbola manam-pahavononana hametraka vehivavy ho lohan'ny firenena ».

Fivavahana

- Ireo maro an'isa tamin'ny nanontaniana, tsy anavahana sokajy, no manohana fa tokony ho kristiana ny Filoha : maro an'isa ny kristiana eto Madagasikara. Tokony hanahaka ny olompirenena izy. Tokony misy zavatra atahorany mba tsy hanaotao fahatany. Tokony miaina araka ny soatoavina kristiana izy amin'ny fiainany andavanandro.
- Ho an'ny hafa indray dia tsy fepetra manan-danja mafonja ny fivavahan'ny Filoha. Ny vina ananany no zavadehibe indrindra. Ambonin'izany dia zava-panahy sy mahakasika ny tsirairay ny fivavahana ka tsy misy tokony ifandriodrirotany amin'ny fitondrana ny firenena.
- Ny vitsy an'isa dia milaza fa tsy maintsy mpino (kristiana, silamo na hafa) ny Filoha mba hahazany manisny fetra ny zavatra ataony.

Tenim-pirenena

Ny iraisan'ny rehetra dia ilaina ny fahaizan'ny Filoha ny teny malagasy aloha. Manarak'izay, ho an'ny maro an'isa dia tsara ny hahafehezany teny iraisampirenena maro mba hahafahany mifanerasera amin'izao tontolo izao ka mahazo aina tsara anaty adihevitra. Ny vitsy an'isa dia mihevitra fa tsy zavadehibe loatra izany satria azony atao tsara ny mampiasa mpandikateny.

Fiaviana ara-poko

- Ny maro an'isa dia milaza fa ny fiaviana ara-poko dia tsy fepetra manan-danja mafonja. Ny manandanja dia ny fahaizana, ny fitiavany ny tanindrazany, ny fitsipi-pitondrantenany sy ny maha-kristiana azy.
- Mirona kokoa amina Filoha merina na avy afovoan-tany ny sasantsany satria « hafahafa ihany izany mandre Filohan'i Madagasikara manao fiteny tanindrana izany », ary ny fampandrosoana dia niainga avy tety anivon-tany hatrany hatramin'ny andron'Andrianampoinimerina.
- Misy vitsy an'isa zay mirona amin'ny fifidianana Filoha avy amin'ny faritra misy azy satria izay ihany no fepetra itazomany ny fampanantenany amin'ny fampandrosoana.



Toetra mahaolona

- Mahatsiaro tena fa mpindrana fahefana ka manana tamberinandraikitra ary manome lanja ny fihainoana ny olompirenena
- Manana fahamatorana
- Manam-pahendrena
- Mahitsy
- Fatra-panaja ny soatoavina malagasy
- Tomponandraikitra
- Mahatoky amin'ny fahamarinana
- Manam-pitiavana
- Mpandala ny maha-olombelona
- Mahatakatra ny fihetsempon'ny hafa
- Feno fahavononana.

Ny fahaizamitarika amin'ny lafiny politika

- Tokony hanome vahana ny fahaizamitarika mampandray anjara ny rehetra izy : tokony mahay mihaino ny olompirenena sy ny mpiaramiasa aminy saingy tompon'ny teny farany amin'ny fandraisana fanapahankevitra.
- Mahay misafidy ny mpiaramiasa akaiky aminy izy : tsy voatery hahafehy ny zavadehetra izy saingy tokony mahay mametraka olona amin'ny toerana sahaza mba hamenoany ny lesoka aminy ihany. Ny mandrafitra ny governemanta dia tokony ahitana solotena isa-paritra satria ireo solotena ireo no mahafantatra ny zavamisy any amin'ny faritra misy azy ireo avy.
- Tokony ho olona maharesy lahatra sy eken'ny mpiaramiasa sy ny olompirenena izy.
- Tokony ho olona kinga saina mahay diplomasia ary mahay miaro ny firenena.
- Tokony manao hetsika samy hafa toy ny fizaran-tsakafo izy hahitan'ny olompirenena fa izy no Filoha.
- Tokony hivelatra tsara amin'ny fifandraisana izy ary mifandray amin'ireo mpisehatra politika sy ny fikambanana ao anatin'ny firaisamonim-pirenena.
- Tokony hampitovy ny olompirenena rehetra izy, na avy aiza na avy aiza ny fiaviany.
- Tokony ho fantany mazava tsara ny hoe : ho aiza izy, ary entiny mankaiza ny firenena.

Soatoavina repoblikana

Ny fisarahan'ny fivavahana amin'ny raharaham-panjakana

- Ho an'ny maro an'isa, ny Filohan'ny Repoblika ho avy eo dia tokony manaja ny fisarahan'ny resa-pivavahana amin'ny raharaham-panjakana : ny fivavahana (na io fiangonana, na fivavahan'ny tsirairay) dia tsy tsara mitsabaka amin'ny politika. Ampitovina ny fitondra ny karazam-pivavahana rehetra. Tsy tokony hatao fitaovana ny fivavahana (hevitra navoitry ireo nakan-kevitra, avy amin'ny sokajy rehetra).
- Ho an'ny hafa, ny fiangonana dia tokony hatao arofanina ao amin'ny politika: tokony ho mpamerin-doha ny mpitondra ny fiangonana ary mitsinjo ny mponina rehefa hita fa dia manararaotra loatra ny mpitondra (ny vehivavy no tena namoaka io hevitra io).
- Ny vitsy an'isa dia mihevitra fa ny fiangonana dia tokony hifanindran-dalana amin'ny fitondram-panjakana satria anisan'ny mamaritra ny maha-izy azy antsika ny fiangonana ary mila hajaina ny soatoaviny (hevitra nivoitra kokoa avy tamin'ny tanora sy ny any ambanivohitra). Ankoatra izay dia ao anatin'ny olona ny soatoavina ara-pivavahana ary amin'ny maha-Filohan'ny Repoblika azy dia zavatra tsy azony ialana izany.

Tsy mamindra fo amin'ny kolikoly

Saika ireo nohadihadiana rehetra no nihevitra fa ny Filoha ho avy eo dia tokony tena hiady amin'ny kolikoly marina tokoa, izay sakana amin'ny fampandrosoana kanefa dia mielopatrana hatramin'ny sehatra madinika indrindra ka hatrany amin'ny lehibe indrindra, ka hamafisina ny fahefan'ny rafitra miady amin'ny kolikoly, ampitomboina ny tetibola atokana ho an'izany ady izany, ary atomboka ao amin'ny manodidina azy mpitondra ireo ihany ny ady.

Nisy olona iray nilaza fa azo leferina ny kolikoly amin'ny zavatra tsy dia manao ahoana loatra, ohatra ny famitana ny karapanondrom-pirenena ao anatin'ny andro iray.

Fanjana ny fahafahana maneho hevitra

Ny maro an'isa dia milaza fa tokony ho faritan'ny Filohan'ny Repoblika ny falalahana maneho hevitra : avela miteny ny olompirenena sy ny mpanohitra (manao fihetsiketsehana, eny amin'ny tambazotran-tserasera, amin'ny haino amanjerim-bahoaka) saingy asiana aroriaka (mamoaka fepetra araka ny lalàna, manome fiofanana mahakasika ireo zo aman-dalàna, mametraka ny fahalalampomba sy ny fifanjana, mametraka fetra manokana tsy azo ihoarana).

Manisy tsindrim-peo ny hafa fa avela maneho hevitra an-kalalahana ny olompirenena sy ny mpanohitra : fepetra fototra iray takian'ny demokrasia izany ary ny Filohan'ny Repoblika dia tsy maintsy mahazaka ny torohitsy (feedbacks).

Fianarana norantovina

Sampam-pianarana

Ny fahitan'ny maro azy dia tsy fepetra mafonja manan-danja ny sampam-pianarana narahana'izay ho Filoham-pirenena ho avy eo rehefa ananany ny fahaiza-mandinika sy mamakafaka, ny finiavana hiaroka ary ny fahaizan-draha maro (polyvalent).

Nilaza ny hafa fa ireo sampam-pianarana ilaina amin'ny fitantanana ny firenena sy ny fahafantarana ny mponina ao aminy kosa dia :

- ny hailalàna
- ny haipolitika
- ny matematika
- ny haifitantanana
- ny haisoratra
- ny haifambolena
- ny filôzôfia
- ny haifihariana.

Maripahaizana

Ho an'ny maro an'isa dia tsy fepetra mafonja manan-danja ny fananana maripahaizana, sahala amin'ny ho an'ny sampam-pianarana ihany, rehefa manana ireo toetra amam-panao voatanisa etsy ambony ny Filoha.

Nametraka mazava anefa ny hafa fa takiana ny hananan'ny Filoha maripahaizana satria izay no miantoka ny fahaizana amam-pahalalana ananany.

- Master, izay antoka amin'ny fahaizany mamakafaka sy mandresy lahatra
- Farafahakeliny ny bakalorea mba hiakaran'ny lenta politika sy ny lentan'ny adihevitra
- Ny doktorà satria izay Filohan'ny Repoblika eo dia tokony ho manampahaizana.

Firenena nandratoana fianarana

Miara-manaiiky ny rehetra fa tokony ho namita fianarana teto Madagasikara ny Filohan'ny Repoblika, manontolo na amin'ny ampahany, mba hahalalàny ny zavamisy sy ny kalitaon'ny fanabeazana malagasy. Ho an'ny sasantsasany dia tombony ny fandratoana fianarana tany amin'ny ivelany, indrindra raha tany amin'ny firenena manana tanjaka ara-indostria ka nahitany modelim-pampandrosoana.

Traikefa arak'asa

Sehatra ara-panjakana/tsy miankina

Ho an'ny maro an'isa dia tsy fepetra mafonja manan-danja izany. Ny manandanja dia ny traikefa ananany amin'ny fitondrana ny mpiaramiasa sy ny fahaizamaritrika.

Olonan'ny iray no nihevitra fa tsara kokoa raha niasa matihanina maharitra tany amin'ny sehatra tsy miankina ny Filoha satria hitondra loko vaovao ho an'ny politika malagasy izy.

Faharetan'ny traikefa arak'asa

Ho an'ny maro dia tsy fepetra hentitra ilaina ny faharetan'ny traikefa arak'asa ananany Filoha. Dimy taona, hoy ny sasany, ary 30 taona, hoy ny hafa.

Traikefa momba ny politika

Ho an'ny maro an'isa dia tokony hanana traikefa amin'ny fanaovana politika izay ho Filohan'ny Repoblika manaraka eo. Tokony ho efa niomana izy (efa ben'ny tanàna, solombavambahoaka, tao anaty governemanta, mpikambana amina antoko politika mafy orina, mahafehy ny fitantanandraharam-panjakana, efa nitondra firenena) mba hisorohana ny mety famerenany ny fahadisoana nataon'ireo teo alohany. Olonan'ny iray no nilaza fa aleo lavitra olom-baovao mihitsy no eo.

Firenena nonenana/niasana

Ho an'ny maro an'isa dia tokony ho niasa teto Madagasikara izay ho Filoha mba hahalalany ny toedrahahana sy ny zavamisy eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Tokony ho niasa tany ivelany ihany koa anefa izy (Frantsa, Etazonia, India na Italia) mba hahalalany ny zavamitranga manerantany, ary hananany fifandraisana amin'ny firenena afaka hanampy an'i Madagasikara amin'ny fampandrosoana.


Ireo singa manandanja indrindra sy ilaina horefesina ao anatin'ny dingana fanadihadiana : fepetra miisa dimy araka ny valiny miaraka amin'ny vava, toetoetra miisa dimy miompana amin'ny maha-olombelona, toetoetra miisa dimy mifandraika amin'ny fahaizamaritrika amin'ny lafiny politika, miampy ny taona, ny mahalehilahy na mahavehivavy, ny fiaviana ara-poko, ny fisarahan'ny fivavahana amin'ny ny raharahampanjakana ary ny traikefa momba ny politika.

Ho an'ny ankoatra izay, ny fakankevitra dia mampiseho amintsika ny fironan-kevitra ankapobe sy ireo singa manampy hahatakarana izay tian-kambara.



Mahalehilahy na Mahavehivavy - Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Araka ny hevitrao, tokony ho lehilahy sa vehivavy ny Filoha ho avy eo ? sa tsy mampaninona fa izay misy eo?



Fototra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana $n = 1\ 600$

Ho an'ny 48%-n'ny olona nanontaniana dia tsy mampaninona azy ny maha-lehilahy na vehivavy ny Filohan'ny Repoblika malagasy ho avy eo.

Mahita anefa ny 12%-ny fa tokony homena ny toerany ny vehivavy.

Azo tsoahana amin'izany fa ny $48 + 12 = 60\%$ -n'ny olona nanontaniana dia misokatra amin'izay mety hitanan'ny olompirenena vehivavy ny andraikitra Filoha, fa ny 40% kosa dia mitsipaka izany tranga izany.



© Mamy Raelison

Mahalehilahy na Mahavehivavy - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Araka ny hevitrao, tokony ho lehilahy sa vehivavy ny Filoha ho avy eo ? sa tsy mampaninona fa izay misy eo?

Ny sokajin'olona nanontaniana	Filoha lehilahy	Filoha vehivavy	Tsy mampaminona
Fitambarany (n=1600)	40%	12%	48%
Vehivavy/Lehilahy			
Vehivavy (n=664)	37%	13%	50%
Lehilahy (n=936)	43%	12%	46%
Taona			
18-19 (n=39)	33%	6%	61%
20-24 (n=264)	42%	14%	44%
25-29 (n=303)	36%	13%	51%
30-34 (n=239)	40%	13%	48%
35-39 (n=177)	35%	10%	55%
40-44 (n=154)	47%	11%	42%
45-49 (n=116)	35%	16%	50%
50-54 (n=96)	49%	10%	41%
55-59 (n=87)	40%	11%	49%
60 taona sy mihoatra (n=124)	50%	11%	39%
Sokajy ara-tsosialy sy arak'asa			
A (n=65)	19%	7%	74%
B (n=75)	40%	3%	57%
C1 (n=146)	36%	11%	53%
C2 (n=286)	44%	12%	44%
D (n=323)	44%	14%	42%
E1 (n=280)	41%	12%	47%
E2 (n=135)	43%	15%	42%
E3 (n=210)	34%	16%	50%
Tsy miasa (n=80)	46%	5%	49%
Vondrona kinendry			
Sarambaben'ny mponina (n=1549)	41%	12%	47%
Firaisamonim-pirenena (n=5)	25%	0%	75%
YLTP (n=4)	0%	0%	100%
YLS (n=19)	19%	6%	75%
Antoko politika (n=24)	30%	10%	60%

Ny antsasaky ny vehivavy nanontaniana (50%) no mihevitra fa tsy fepetra mafonja manan-danja ny maha-lehilahy na vehivavy ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ho avy eo. Ary efa ho ny antsasaky ny lehilahy (46%) no mihevitra ny toy izany ihany koa.

Ny olona 40-44 taona, 50-54 taona ary ny 60 taona noho miakatra dia mihevitra fa tokony ho lehilahy ny Filoha ho avy eo.


Ny sokajin'olona nanontaniana	Filoha lehilahy	Filoha vehivavy	Tsy mampaminona
Fitambarany (n=1600)	40%	12%	48%
Faritra			
Itasy (n=39)	39%	15%	46%
Analamanga (n=472)	41%	11%	48%
Vakinankaratra (n=92)	48%	14%	38%
Bongolava (n=20)	29%	18%	53%
Diana (n=65)	54%	9%	37%
Sava (n=56)	26%	13%	62%
Amoron'i Mania (n=32)	44%	15%	41%
Haute Matsiatra (n=121)	33%	12%	55%
Vatovavy (n=18)	13%	20%	67%
Fitovinany (n=20)	29%	12%	59%
Atsimo-Atsinanana (n=48)	48%	10%	43%
Ihorombe (n=20)	47%	12%	41%
Sofia (n=25)	43%	14%	43%
Boeny (n=142)	43%	14%	43%
Betsiboka (n=12)	30%	40%	30%
Melaky (n=5)	25%	0%	75%
Alaotra-Mangoro (n=67)	52%	4%	45%
Antsinana (n=149)	40%	10%	50%
Analanjrofo (n=39)	24%	18%	58%
Menabe (n=26)	41%	23%	36%
Atsimo-Andrefana (n=85)	34%	14%	52%
Androy (n=11)	44%	22%	33%
Anosy (n=33)	54%	4%	43%
Sehatra misy ny toeram-ponenana			
Antanan-dehibe (n=1058)	41%	12%	47%
Ambanivohitra (n=542)	39%	12%	49%

Ireo izay manana loham-pianakaviana ao anatin'ny sokajy ara-tsosialy sy arak'asa B na ny tsy an'asa no vitsy indrindra mihevitra fa ny Filoha vaovao dia tokony ho vehivavy.

Maro kokoa ny olona nanontaniana tany amin'ny faritra Diana (54%) sy Anosy (54%) no mieritreritra fa tokony ho lehilahy ny Filohan'ny Repoblika ho avy eo. Ny any amin'ny faritra Sava no maro indrindra mieritreritra ny tsy maha-zavadehibe ny maha-lehilahy na vehivavy ny Filoha.

Zompirenana - Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Zompirenena inona no tokony hananan'ny Filoha, araka ny hevitrao ?



Fotra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600

Ny 84%-n'ny olona nanontaniana dia mihevitra fa ny Filohan'ny Repoblika ho avy dia tokony mizaka ny zompirenena malagasy ary malagasy irery ihany.



Zompirenana - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Zompirenana inona no tokony hananan'ny Filoha, araka ny hevitrao ?

Ny sokajin'olona nanontaniana	Malagasy irery ihany, tsy ankoatra izay	Mizaka zompirenena malagasy sy zompirenena hafa	Tsy zavadehibe amiko ny zompirenena ananany	Tsy manan-kevitra momba izay aho
Fitambarany	84%	2%	8%	6%
Vehivavy/Lehilahy				
Vehivavy	83%	2%	9%	6%
Lehilahy	84%	2%	7%	7%
Taona				
18-19	67%	6%	15%	12%
20-24	87%	2%	2%	9%
25-29	87%	2%	4%	7%
30-34	83%	3%	9%	6%
35-39	80%	1%	14%	5%
40-44	85%	2%	8%	5%
45-49	78%	5%	7%	9%
50-54	84%	0%	14%	3%
55-59	81%	3%	12%	4%
60 taona sy mihoatra	83%	2%	12%	4%
Sokajy ara-tsosialy sy arak'asa				
A	89%	2%	9%	0%
B	87%	2%	8%	3%
C1	83%	2%	12%	4%
C2	88%	2%	7%	3%
D	85%	3%	7%	5%
E1	80%	3%	8%	9%
E2	81%	3%	9%	7%
E3	78%	2%	5%	15%
Tsy miasa	87%	0%	13%	0%
Vondrona kinendry				
Firaisamonim-pirenena	100%	0%	0%	0%
YLTP	67%	0%	33%	0%
YLS	100%	0%	0%	0%
Antoko politika	95%	5%	0%	0%
Sarambaben'ny mponina	83%	2%	8%	7%

Ny maro an'isa tamin'ireo namaly ny fanontaniana dia mihevitra fa tokony mizaka ny zompirenena malagasy dia malagasy irery ihany ny Filoha, na teo amin'ny vehivavy (83%) na teo amin'ny lehilahy (84%),

Ny olona 18-19 taona dia vitsy kokoa no mihevitra fa ny Filohan'ny Repoblika ho avy eo dia tokony mizaka ny zompirenena malagasy irery ihany.


Ny sokajin'olona nanontaniana	Malagasy irery ihany, tsy ankoatra izay	Mizaka zompirenena malagasy sy zompirenena hafa	Tsy zavadehibe amiko ny zompirenena ananany	Tsy manan-kevitra momba izay aho
Fitambarany	84%	2%	8%	6%
Faritra				
Itasy	76%	0%	12%	12%
Analamanga	89%	2%	7%	3%
Vakinankaratra	88%	3%	5%	4%
Bongolava	65%	0%	12%	24%
Diana	72%	6%	13%	9%
Sava	79%	0%	11%	11%
Amoron'i Mania	78%	4%	7%	11%
Haute Matsiatra	87%	3%	7%	3%
Vatovavy	93%	0%	7%	0%
Fitovinany	94%	0%	6%	0%
Atsimo-Atsinana	80%	3%	10%	8%
Ihorombe	71%	6%	12%	12%
Sofia	81%	0%	10%	10%
Boeny	89%	1%	6%	4%
Betsiboka	90%	0%	0%	10%
Melaky	50%	0%	0%	50%
Alaotra-Mangoro	75%	4%	11%	11%
Atsinana	81%	2%	10%	8%
Analanjrofo	85%	6%	3%	6%
Menabe	68%	0%	0%	32%
Atsimo-Andrefana	79%	4%	13%	4%
Androy	78%	0%	22%	0%
Anosy	75%	0%	11%	14%
Sehatra misy ny toeram-ponenana				
Antanan-dehibe	85%	2%	8%	5%
Rural	81%	2%	8%	9%

Maro kokoa ireo izay manana loham-pianakaviana ao anatin'ny sokajy ara-tsosialy sy arak'asa C2 na E1 no mihevitra fa ny Filoha vaovao dia tokony mizaka ny zompirenena malagasy irery ihany.

Maro kokoa ny olona any amin'ny faritra Fitovinany, Vatovavy ary Betsiboka no mihevitra fa ny Filoha dia tokony mizaka ny zompirenena malagasy dia malagasy irery ihany.

Fahaizana aman-karena - Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Araka ny hevitrao, inona no tsara ananan'ny Filoha ?



Fototra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600

Mihevitra ny maro an'isa (90%) fa ny Filohan'ny Repoblika dia tokony hanana maripahaizana (50%) na traikefa momba ny politika (40%). Vitsy dia vitsy (7%) no manao ho zavadehibe ny fananany harena.

Tsy misy fiavahany misongadina ny valiny avy amin'ireo vondrona kinendry samy hafa.

Fahaizana aman-karena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Araka ny hevitrao, inona no tsara ananan'ny Filoha ?


Ny soka-jin'olona nanontaniana	Diplômes	Expériences politiques	Richesses
Fitambarany	50%	40%	7%
Vehivavy/Lehilahy			
Vehivavy	52%	38%	6%
Lehilahy	48%	40%	7%
Taona			
18-19	55%	39%	3%
20-24	51%	42%	5%
25-29	47%	43%	8%
30-34	52%	36%	8%
35-39	49%	43%	3%
40-44	57%	31%	5%
45-49	52%	35%	6%
50-54	46%	40%	9%
55-59	43%	48%	4%
60 taona sy mihoatra	42%	34%	14%

Fototra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600

Maro kokoa (57%) ny olona 40-44 taona no mihevitra fa ny Filohan'ny Repoblika ho avy eo dia tokony hanana ny maripahaizana ilaina mialoha ny zavadrehetra.

Tombontsoa iadidina sy itompoana – Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Irinao ny Filoha hiasa kokoa ho an’ny tombontsoan’...



Fototra niaingana : Fitambaran’ny olona nanontaniana n = 1 600

Saika ny telo ampahaefatry ny olona nanontaniana no mieritreritra fa tokony mamaly ny tombontsoan’ny sokajy mahantra sy ny antonony ihany aloha ny Filohan’ny Repoblika, izay vao ny an’ireo mpifehy ny fampandrosoana ny fihariana ary farany ny an’ny mpan-draharaha sy ny tompon’indostria.

Tombontsoa iadidina sy itompoana – Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Irinao ny Filoha hiasa kokoa ho an’ny tombontsoan’...

Ny soka-jin’olona nanontaniana	Ny sokajin’olona mahantra sy ny antonony	Ny mpan-draharaha sy tompona indostria	Izay mifehy ny fampandrosoana ny fihariana
Fitambarany	69%	13%	16%
Vehivavy/Lehilahy			
Vehivavy	75%	11%	13%
Lehilahy	66%	15%	18%
Taona			
18-19	70%	12%	18%
20-24	72%	17%	11%
25-29	74%	12%	13%
30-34	67%	14%	19%
35-39	66%	12%	20%
40-44	67%	13%	17%
45-49	71%	14%	12%
50-54	74%	9%	18%
55-59	67%	12%	18%
60 taona sy mihoatra	63%	14%	21%


Ny 75%-n’ny vehivavy sy ny 66%-n’ny lehilahy nanontaniana dia mihevitra fa tokony hataon’ny Filohan’ny Repoblika laharampahamehana ny fanomezana fahafahampo ny tombontsoan’ny sokajin’olona mahantra sy ny antonony.

Mitovy hevitra amin’izay ny 74%-n’ny olona 25-29 taona mbamin’ny 72%-n’ny olona 20-24 taona.

Ny mpikambana amin’ny antoko politika no maro indrindra namboraka fa tsara ataon’ny Filoha vaimodraharaha ny tombontsoan’ireo izay mifehy ny fampandrosoana ny fihariana.

Ady amin'ny tany tsy tan-dalàna - Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Araka ny hevitrao, ahoana no tokony hataon'ny Filoha ho fanarenana ny tany tsy tan-dalàna izay mahazo vahana isan'ambaratongany ?



Fototra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600

Ho fanarenana ny tany tsy tan-dalàna izay mahazo vahana isan'ambaratongany, ny 53%-n'ny olona nanontaniana dia mihevitra fa tsara raha hamafisin'ny Filoha ny lafiny fanabeazana.

Mihevitra ny 24%-ny, ny ampahaefany eo ho eo izany, fa tokony hampiharina ny fanasaziana.

Tsy misy fiavahany misongadina ny valiny avy amin'ireo vondrona kinendry samy hafa.

Fanarenana ny tany tsy tan-dalàna - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Araka ny hevitrao, ahoana no tokony hataon'ny Filoha ho fanarenana ny tany tsy tan-dalàna izay mahazo vahana isan'ambaratongany ?

Ny sokajin'olona nanontaniana	Fanabeazana	Fanasaziana (araka ny lalàna)	Fametrahana dina	Fankasitrahana
Fitambarany	53%	24%	19%	5%
Vehivavy/Lehilahy				
Vehivavy	52%	24%	20%	5%
Lehilahy	54%	23%	18%	5%
Taona				
18-19	46%	24%	21%	9%
20-24	58%	24%	14%	5%
25-29	50%	27%	18%	6%
30-34	60%	18%	18%	4%
35-39	47%	28%	20%	4%
40-44	56%	23%	19%	2%
45-49	50%	26%	19%	6%
50-54	51%	21%	23%	4%
55-59	59%	18%	21%	3%
60 taona sy mihoatra	48%	22%	21%	9%

Fototra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600

Ny antsasa-manilan'ny vehivavy sy ny antsasa-manilan'ny lehilahy nanontaniana dia samy mihevitra fa ny fanabeazana no vahaolana tsara tokony hofinidin'ny Filoha vaovaon'ny Repoblika manoloana ny tany tsy tan-dalàna mahazo faka manerana ny firenena. Mitovy hevitra amin'izay ny 60%-n'ny olona 30-34 taona.



Hetaheta misongadina - Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Inona no andrasanao amin'ny Filohan'ny Repoblika ? Omeo naoty 0 ka hatramin'ny 10 ireto filazàna manaraka ireto. Naoty 10 izay tena zavadehibe amina ary 0 raha tsy zavadehibe mihitsy. Azonao atao ny mamaritra ny valinteninao araka izay mety amina.



Fototra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600

Ny fampitoviana ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna no voalohany andrasan'ny olona nanontaniana amin'ny Filohan'ny Repoblika ho avy eo. Manarak'izany ny ady tsy misy indrafo amin'ny kolikoly. Ary mila mahafantatra ny zavamisy iainan'ny sokaji-mponina eto amin'ny tany sy ny fanjakana izy. Tsy misy fiavahany misongadina ny valiny avy amin'ireo vondrona isan-karazany nanontaniana.

Hetaheta misongadina - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Inona no andrasanao amin'ny Filohan'ny Repoblika ? Omeo naoty 0 ka hatramin'ny 10 ireto filazàna manaraka ireto. Naoty 10 izay tena zavadehibe aminao ary 0 raha tsy zavadehibe mihitsy. Azonao atao ny mamaritra ny valinteninao araka izay mety aminao.

Ny soka-jin'olona nanontaniana	Mampihatra ny fitovian'ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna	Tsy mamindra fo amin'ny kolikoly	Mahafantatra ny zavamisy iainan'ny sokaji-mponina amin'ny tany sy ny fanjakana	Tsy mampandefitra ny tombontsoan'ny mponina manoloana ny tsindry ataon'ny firenena matanjaka	Manandratra ny hasin'ny olompirenena	Mampahafantatra amin'ny fomba mangarahara sy azon'ny rehetra ny fandaniambolam-panjakana	Manaja ny Lalampanorenana ary tsy dodona ny hanova azy rehefa tonga eo amin'ny fitondrana	Mandray fanakianana mba hanatsarana ny fomba fiasa
Fitambarany	9,2	9,1	9,0	8,9	8,9	8,8	8,4	8,2
Vehivavy/Lehilahy								
Vehivavy	9,1	9,1	9,0	9,0	8,9	8,8	8,3	8,3
Lehilahy	9,3	9,2	9,0	8,9	8,9	8,7	8,4	8,2
Taona								
18-19	9,0	8,5	9,3	9,2	8,9	8,2	7,9	7,4
20-24	9,2	9,1	8,8	8,7	8,8	8,5	8,2	7,8
25-29	9,2	9,3	9,0	9,0	9,0	8,8	8,2	8,2
30-34	9,1	9,1	9,0	9,0	8,9	8,8	8,4	8,4
35-39	9,1	9,0	9,0	8,9	8,9	8,9	8,6	8,5
40-44	9,0	9,1	8,6	8,6	8,7	8,8	8,2	8,1
45-49	9,3	9,0	8,9	8,9	9,0	8,9	8,6	8,3
50-54	9,4	9,6	9,3	9,1	9,1	9,1	8,5	8,4
55-59	9,7	9,2	9,2	9,3	8,9	9,1	8,8	8,8
60 taona sy mihoatra	9,3	9,1	9,2	9,1	9,1	9,1	8,1	8,5

Ny soka-jin'olona nanontaniana	Mitatitra ireo tondron'ny fahombiazana nampantanaina	Manasaraka ny fanao ara-pivavahana amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana	Mianatra eto Madagasikara ny zanany, farafaharatsiny hatreo amin'ny fahazoana ny bakalorea	Mizara fanampiana ho an'ny mponina	Tanora	Efa nahita fahombiazana mialoha tamin'ny politika fa tsy ambilin'olona izay mitsapatsapa ny fitantanana ny firenena	Mpiray foko/fihaviana amiko	Mampihatra jadona
Fitambarany	7,9	7,6	7,4	7,4	6,6	6,4	6,1	2,1
Vehivavy/Lehilahy								
Vehivavy	8,0	7,4	7,5	7,6	6,8	6,3	6,2	1,9
Lehilahy	7,8	7,7	7,3	7,2	6,4	6,5	5,9	2,2
Taona								
18-19	8,0	5,7	7,3	8,3	7,0	5,1	6,2	3,1
20-24	8,0	7,2	7,4	7,8	6,1	5,6	6,2	2,1
25-29	8,0	7,9	7,4	7,4	6,5	6,1	6,1	2,2
30-34	7,9	7,5	7,2	7,3	6,6	6,8	5,9	2,1
35-39	8,0	7,5	8,0	7,4	6,6	6,9	6,1	2,3
40-44	7,7	7,7	7,0	6,8	6,4	6,6	6,1	2,6
45-49	7,8	7,7	7,6	7,5	7,6	7,1	6,2	1,7
50-54	7,5	7,9	7,5	7,3	6,9	6,8	5,8	1,2
55-59	7,5	8,0	7,2	7,0	6,8	7,1	6,0	2,3
60 taona sy mihoatra	7,7	7,9	7,6	7,2	6,4	5,9	5,7	1,5

Fotra niaingana : Fitambaran'ny olona nanontaniana n = 1 600



FIZARÀNA 2
**VINAM-
PIARAHAMONINA**

Karazana vinam-piarahamonina manao ahoana no andrasanao ho an'i Madagasikara ?

Valiny miaraka amin'ny vava

Ireo valiny miaraka amin'ny vava nasetrin'ireo nakan-kevitra (avy amin'ny sokajy rehetra) :

- Fandaharanasa mitsinjo ny **fiakaran'ny vidim-piainana sy ny fidinan'ny vidin-javatra**
- Fandaharanasa mitsinjo ny **famoronana asa**
- Fandaharanasa mampiroborobo ny sehatry ny **fanabeazana**
- Fandaharanasa mampivoitra ny **seha-pambolena mahaleotena**
- Fandaharanasa manome lanja ny **fanarenana ny lalana**
- Fandaharanasa mametraka ny **fitsinjarampahefana tena izy**
- Fandaharanasa mahakasika ny **fanamboarana fotodrafitrasa**
- Fandaharanasa entina manamafy ny **fandriampahalemana**
- Fandaharanasa manome antoka ny **fahafahan'ny rehetra mahazo vaovao**
- Fandaharanasa manome vahana ny **fidiovana sy ny fahazoana rano fisotro madio**
- Fandaharanasa hamahana ny olana momba ny **fananantany**
- Fandaharanasa mitodika amin'ny **fanatanjahantena sy ny tanora**
- Fandaharanasa manao ho vaimpandraharaha ny **firaisam-pirenena**
- Fandaharanasa mahakasika ny **fanarenana ny orinasam-panjakana**

Fiheveran'ny olompirenena ny Filohan'ny Repoblika ho avy

- Mila mahatsiaro tena izy eo anatrehan'ny olompirenena fa mpindrana fahefana ary manana tamberinandraikitra: ataony an-tsaina fa ny voninahitra lohaviny dia avy amin'izy ireo ary ny asa rehetra dia tokony hotanterahany ho tolotra hahasoa azy ireo ihany koa.

- Entiny toy ny fianakaviany, ny zanany, ny olompirenena : amin'ny maha-Raiamandreny azy dia adidiny ny mamahana ara-tsakafy ny olompirenena ary mihevitra manokana izay hahitan'izy ireo fahombiazana.
- Mila mihaino ny Antenimieram-pirenena, ireo fikambanana ao amin'ny firaisamonim-pirenena ny Filoha ary mamorona sehatra anomezam-pitenenana ny olompirenena.

Politika

Endriky ny fanjakana

Ny fitsinjarampahefana tena izy no nambaran'ny maro an'isa nakankevitra fa endrim-pitondram-panjakana filamatra. Ny antony dia izy manome fahafahana ny Faritra hitantana malalaka ny raharahany, satria ny mponina isa-paritra no mahafantatra tsara kokoa ny filàny sy ireo otrikarena misy any aminy. Voasoritra ao anatin'ny federalisma ihany koa izay fahafahana izay, kanefa ho an'ny sasantsasany dia tsy sahaza ny federalisma noho io endri-pitondram-panjakana io mety hampivaky an'i Madagasikara. Na izany aza dia mihevitra ny vitsy an'isa fa tsara apetraka ny federalisma satria tsy manan-toerana amin'ny fitantanan-draharaha eny ifotony ny rafitra foibe.

Araka ny hevitra ny olona iray dia aleo Fanjakana ivangongoam-pahefana satria ny fitondram-panjakana no mahafantatra ny asa hotanterahana ka tsy ny vahoaka no manapa-kevitra.

Endri-pitondrana ara-politika

Ho an'ny maro an'isa dia ny demokrasia no endri-pitondrana ara-politika filamatra noho izy manome vahana ny falalahan'ny olompirenena maneho hevitra sy ny fitovian'ny rehetra. Koa satria tsy mbola tanteraka eto Madagasikara ny demokrasia dia manolotra singa ahafahana mandrafitra izany ny sasantsasany amin'ireo nakankevitra : ohatra, mamela ny olompirenena hanao fanongan-tsonia sy mangataka fitsapankevibahoaka rehefa tratra ny isan-tsonia voaangona, mamela ny olompirenena handray anjara amin'ny famolavolana ny tetibolam-panjakana.

Mira zotra amin'izay demokrasia izay dia tsipihan'ny hafa fa ilaina ny mametraka fitsipika ifampifehezana mba hampanjakana ny filaminana ary mba samy ho tomponandraikitra avokoa ny rehetra manoloana ny lalàna (ambany lalàna).

Olona roa no namboraka fa ilaina ihany koa ny fitondrana jadona satria hita ao anatin'ny fiarahamonina ankehitriny fa ireo izay mampiasa hery no hajaina sy mampandroso ny firenena. Izy ireo no manery ny olompirenena mba hanaiky ny fepetra isan-karazany (ohatra raisina ny mahakasika ireo marary izay tsy mety mihinam-panafody mba ho sitrana fa kosa misafidy ny fomba fitsaboana nentim-paharazana).

Voaresaka mazava tsara ny amin'ny fisaraham-pahefana mazava (ho an'ny nakankevitra rehetra), indrindra indrindra ny fahaleovantenan'ny fahefam-pitsarana.

Misy sosokevitra momba ny fanavaozana : akena ny isan'ny solombavambahoaka, averina dinihana ny andraikity ny Antenimierandoholona, akena ny isan'ny minisitera, mba hitsitsiana amin'ny tetibola.

Anjara asa sy andraikity ny Fitondram-panjakana

Ny amin'ny anjara asan'ny Fitondram-panjakana dia ironan'ny fijerin'ny maro an'isa (ny olompirenena rehetra izay tsy tao anaty vondrona) ny hidiran'ny Fitondram-panjakana an-tsehatra amin'ny lafiny fihariana sy ny sôsialy mba hiantohana ny fanampiana ny vahoaka. Vitsy an'isa ireo mihevitra fa tokony halalahana ny fihariana satria mamono ny tantsaha ny Fitondram-panjakana ankehitriny.

Fifandraisana iraisampirenena

Nabaribarin'ireo nakankevitra rehetra fa ilaina ny fisokafana ara-barotra : firenena tsy mahavita tena i Madagasikara ka mila ny hafa amin'ny fivelomany sy amin'ny fakana traikefa, indrindra amin'izao andron'ny fanontoloana izao. Na izany aza, dia tsara ny manisy fetra izany fisokafana ara-barotra izany (tsy manaiky izay haitraitra rehetra angatahan'ny firenena mandroso ho tambin'ny fanampiana ataony) ary ny mametraka ho ambony ny tombontsoan'ny olompirenena malagasy. Ny ankamaroan'ny olompirenena nakankevitra dia nanamarika fa ilaina ny fisokafana ara-toekarena sy ara-tsosialy fa tsy ilaina kosa ny fisokafana ara-politika : tsara araka izany ny mipetraka tsy momba ny atsy na ny aroa amin'ny raharaha ara-politika iraisampirenena, ary tsy miditra an-tsehatra rehefa tsy mahakasika an'i Madagasikara izany.

Ny vitsy an'isa dia mihevitra fa ilaina ny hametrahana politikam-panjakana mba tsy hiankinan-doha amin'ny any ivelany.

Fitsarana

Mahakasika ny ady amin'ny kolikoly ny hevitra rehetra nivoaka : tokony ho mizàna tsy mitanila ny fitsarana, tokony hahaleotena. Mila fanavaozana mba hanafainganana ny pitsopitsony ara-pitsarana sy hanadiovana io sehatra io.

Fihariana

Fambolena

- Atao laharampahamehana ny fambolena : ampiroboroboina ny famokarana eny ifotony mba hampitomboana ny fanondranam-bokatra sy hanenana ny fanafaran'entana (indrindra ny vary).
- Velarina ny ambaindain'ny indostria ao amin'io sehapihariana io : fanodinana ny katsaka, fitrandrahana ny fasimainty.
- Averina faritana ny vidin'ny akora fototra satria mamono ny tantsaha ny vidy ivarotana ankehitriny.
- Avela hisitraka ny fizakamanana amin'ny tany ny olompirenena ary zaraina ny tany tsy ampiasain'ny Fitondram-panjakana.
- Tsinjovina ny tantsaha : omena fiofanana arak'asa izy ireo, tolora fitaovam-pamokarana sy masomboly.
- Ampidirina amin'ny fandaharam-pampianarana ny mahakasika ny fambolena.
- Hatsaraina tsikelikely hararaka ny vaninandro ny fambolena, ary afantoka amin'ny sehapihariana faharoa sy fahatelo ny fihariankaren'ny firenena.

Fampananana asa sy orinasan'olontokana

- Mamorona asa ho an'ny tanora
- Manatsara ny tontolon'ny fandraharahana sy ny fampiasambola : alalahana ny fikirakiram-bola any amin'ny banky, akena ny hetra, hamoraina ny fananganana orinasa, hatsaraina ny sehatry ny fiantohana, sarihana ny mpampiasa vola.
- Manome ainga vao ny orinasam-panjakana.
- Mametraka ny mangarahara amin'ny tsefam-baro-panjakana : ohatra mamoaka ho fantatry ny besinimaro ny antso ho amin'ny tolobidy sy ny orinasa nahazo izany.

Hetra

- Manabe ny olompirenena ho zatra mandoa hetra satria io no mamelona ny Fitondram-panjakana
- Mametraka tahan-ketra mitombo miandalana arakaraka ny mason-tsivana
- Miady amin'ny kolikoly anivon'ny fitantanan-draharaham-panjakana
- Manapariaka ny hetra araka ny rafitra itsinjarampahefana
- Manafoana ny hetra.

Fotodrafitrasa

- Manorina sekoly sy hopitaly misimisy kokoa any amin'ny tany lavitr'andriana
- Manarina ny lalam-pirenena
- Manarina ny tohodrano
- Manao tombana isa-paritra mba hamantarana ny fotodrafitrasa ilainy
- Manangana seranan-tsambo madinika sy mivadika ho amin'ny fitaterana an-dranomasina mba hampidinana ny sarandalana
- Manorina tsena
- Manao fizohiana ireo fotodrafitrasa voatsangana
- Ho an'ny vitsy an'isa dia tsy laharampahamehana ny fotodrafitrasa, ohatra amin'izany ny fitaterana misalaly eny an'habaka (téléphérique).

Angovo

- Mitrandraka ny loharanon'angovo misy arakaraka ny fahasamihafana isa-paritra : herin'ny masoandro, rivotra, etona, ranomasina
- Manamora ny fitrandrahana ny solika
- Tokony hahita vahaolana iadina amin'ny fahatapahan-jiro lava ny mpitondra ankehitriny sy ny mpitondra ho avy
- Mampidina ny vidin-jiro sy rano
- Manatsara ny fitantanan'orinasa
- Mampiasa vola amin'ny fananganana tohodrano famokarana angovon'aratra
- Manao ny fitsirihana fanaraha-maso (audits)
- Mamadika ny tetibola fanome ny JIRAMA mankany amin'ny sehatra laharampahamehana kokoa toy ny fambolena
- Misintaka amin'ny JIRAMA ny Fitondram-panjakana mba hialana amin'ny trosa.

Toeran'ny sehatra tsy miankina

- Miaramiasa amin'ny sehatra tsy miankina : manampy ny Fitondram-panjakana izy, manao ny asa tsy vitany ary mamorona asa
- Mampalalaka ny fihariana saingy manamafy ny fanabeazana sy ny fiofanana ary ny fanarahamaso
- Mamaritra tsara ny fepetra fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny vahiny mba hahazoan'ny olompirenena malagasy ny tombony be indrindra

- Samy miaraka mahazo tombontsoa ny seha-panjakana sy ny sehatra tsy miankina
- Tsy tokony hibahan-toerana be loatra ny sehatra tsy miankina mba tsy hampihen-danja ny seha-panjakana.

Lafiny sôsialy

Fandriampahalemana

- Miady amin'ny kolikoly : ny mpitondra ihany no ao ambadiky ny tsy fandriampahalemana ; ny mpitandro ny filaminana natao hiaro ny vahoaka indray no maka vola amin'izy ireo, havaozina ny fomba fampidirana ho mpitandro ny filaminana
- Manome toromarika ny ankizy sy ny tanora hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana: mampafantatra ny lalàna, mampanana asa mba tsy hidonanapoana
- Manao ho vaindohan-draharaha ny fandriampahalemana any ambanivohitra : ny tantsaha no mamelona ny Malagasy, tsy afaka miasa izy ireo raha tsy misy ny fandriampahalemana
- Misoroka ny fanafihana, tsy miandry efa misy maty vao miditra an-tsehatra
- Manamafy ny « dina ».

Fahasalamana

- Mampitombo sy manatsara ny fitaovana enti-miasa sy ny olona hiasa : manatsara ny fepetra iasan'ny mpitsabombahoaka, manofana mpitsabo manampahaizana manokana misimisy, mampitombo ny fampitaovana.
- Mametraka ny fitsaboana maimaimpoana, na rafitra ifandrimbonana ara-bola eny ambanivohitra mba hahamaivana ny fandanian'ny isam-batan'olona.
- Miady amin'ny kolikoly : tsy manatona hôpitaly ny marary satria tsy mahatoky ny mpitsabo ary aleony maty toy izay handany vola hatelin'ny kolikoly.
- Manome fanafody maimaimpoana ho an'ny hôpitaly sy ny olompirenena.

Fanabeazana

- Manavao ny rafi-pampianarana : tsy mifanaraka amin'ny filàn'ny mpianatra sy ny firenena ny fandaharam-pianarana misy ankehitriny, tsy mety amin'i Madagasikara ny rafitra LMD satria tsy ananan'ny mpianatra ny fitaovana ilaina amin'ny fikarohana, ambany noho ny A-C-D ny S-L-OSE, tokony hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny faritra ny fandaharam-pianarana, atsofoka dieny mbola eny amin'ny kilasy ambany ny fanabeazana momba ny politika sy ny fanabeazana olompirenena vanona

- Mamerina mijery ny toeran'ny mpampianatra amin'ny fanabeazana : manatsara ny fepetra iasan'izy ireo, manamarina ny fahaizany avy
- Mampitombo isa ny fotodrafitrasa
- Mitsimbina ny fepetra ianaran'ny mpianatra manomboka avy any amin'ny ambaratonga ambany ka hatrany ambony
- Miady amin'ny kolikoly
- Manolotra maimaimpoana kahie ho an'ny mpianatra amin'ny kilasy madinika.

Kolotsaina

- Manome lanja ny kolotsaina malagasy
- Manome lanja ny fahasamihafan'ny kolotsaina malagasy.

Tanora

- Mamorona asa ho an'ny tanora, manohana ny tetikasan'izy ireo
- Mampirisika ny tanora handray anjara amin'ny sehatra politika
- Manabe ny tanora mba ho tena olompirenena feno.

Miralenta

- Ho an'ny maro an'isa dia tsara raha hajaina ny fitovian-jo, indrindra eo amin'ny sehatry ny asa
- Ho an'ny sasantsasany indray dia tsy mitovy ny lehilahy sy ny vehivavy, tsy tokony hanan-jo mitovy izy ireo
- Ho an'ny hafa dia tokony hanome sehatra kokoa amin'ny tontolo politika ho an'ny vehivavy
- Misy vitsy an'isa izay manoritra fa tokony ho amin'ny lafiny rehetra ny fitoviana, afa-tsy amin'ny lafiny fitarihana izay tsy natao ho an'ny vehivavy.

Fivavahana

- Araka ny hevitra ny maro an'isa, ny fiangonana dia tokony ho arofanina sy ho mpamerin-doha ao anaty fiarahamonina
- Ho an'ny sasantsasany, ny fivavahana dia tokony halalaka sy manokana ho an'ny tsirairay ; ho an'ny hafa dia tokony ho ferana ny fipoiran'ny karazan'antokom-pinoana
- Olona iray no nilaza fa tokony hanorina fiangonana maromaro ny Fitondram-panjakana satria tsy mbola ampy izy ireny.

Zon'ny olombitsy

- Araka ny hevitra ny maro an'isa dia tsara hajaina ny zon'ny olon-drehetra fa tsy ny an'ny olombitsy ihany (ny olona manana fahasembanana, ny vondronolona mandala ny fanambadian'ny samy lehilahy na samy vehivavy – LGBT+)
- Araka ny hevitra ny betsaka dia tsy manana ny toerany eto Madagasikara ny vondrona LGBT+
- Araka ny hevitra ny olombitsy dia tsara tsimbinina manokana ny zon'ny olombitsy mba hisorohana ny jadona ataon'ny maro an'isa.

Tontolo iainana


- Miaro ny harena voajanahary sy ny karazan-javaboary
- Manome lanja manokana ny haitontoloianana sy ny rohivoahary
- Manonitra ny fitrandrahana ny harena misy eny antoerana (ohatra, voly hazo ho solon'ny famokaran'arina)
- Miady amin'ny kolikoly
- Manome sanda saha ny harena voajanahary
- Mampiakatra ny lanjan'ny sehatry ny fizahantany.

Ho famolavolana ny andiam-panontaniana anaovana ny fanadihadiana mahakasika ny vinam-piarahamonina dia hampifandraisina amin'ny vokatr'ity fakankevitra ity ireo lohahevitra mifandraika amin'ny toedrahahana misy (lohahevitra miisa 14, ary izay nisongadina tao anatin'ny fakankevitra no ifantohana)



Manandratra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ankapobeny

Fanontaniana : Ahoana izany manondrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?



Ny 57%-n'ny olona nanontaniana no mihevitra fa « ny fananana asa andraisan-karama mahavelona ny ankohonana » no tsara ataon'ny Filohan'ny Repoblika vaovao laharampahamehana ao anatin'ny vinam-piarahamoniny. Ny 10%-n'ny olona nanontaniana no mieritreritra fa tena tsy azo ekena velively ny vinam-piarahamonina mandrisika ny olompirenena (izay rehetra feno taona) handoa hetra.

Manao ho zavadehibe ny lafiny fiahiana ara-tsôsialy sy ny maha-olompirenena ary ny fanabeazana ihany koa ny olona nohadiahadiana.

Manandraitra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Ahoana izany manandrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?

Valinteny notsinjaraina araka ny maha-lehilahy na vehivavy ny olona nanontaniana sy ny sokajin-taonan'izy ireo

Manana asa andraisan-karama mahavelona ny ankohonana	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	57%	38%	2%	1%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	55%	41%	2%	1%	1%
Lehilahy	59%	36%	3%	1%	1%
Taona					
18-19	61%	36%	3%	0%	0%
20-24	55%	37%	4%	2%	1%
25-29	60%	37%	2%	0%	0%
30-34	57%	39%	3%	0%	2%
35-39	58%	37%	3%	1%	1%
40-44	56%	40%	2%	2%	0%
45-49	60%	39%	0%	0%	1%
50-54	59%	35%	1%	3%	3%
55-59	48%	44%	3%	3%	3%
60 taona sy mihoatra	60%	39%	1%	0%	0%

Misitraka fitsaboana maimaimpoana	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	54%	41%	3%	2%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	54%	43%	2%	1%	1%
Lehilahy	54%	39%	3%	2%	1%
Taona					
18-19	33%	52%	9%	6%	0%
20-24	53%	43%	2%	1%	1%
25-29	54%	40%	2%	3%	1%
30-34	55%	37%	5%	2%	2%
35-39	57%	37%	3%	1%	3%
40-44	56%	39%	5%	1%	0%
45-49	53%	46%	1%	0%	0%
50-54	53%	45%	0%	1%	1%
55-59	55%	44%	1%	0%	0%
60 taona sy mihoatra	57%	39%	2%	3%	0%

Manandratra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Ahoana izany manandrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?

Valinteny notsinjaraina araka ny maha-lehilahy na vehivavy ny olona nanontaniana sy ny sokajin-taonan'izy ireo

Mahazo vaovao marolafy ara-potoana hatrany ambany ravinkazo lavitra any	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	50%	45%	4%	1%	0%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	48%	47%	3%	1%	0%
Lehilahy	51%	44%	4%	1%	0%
Taona					
18-19	52%	46%	0%	0%	3%
20-24	49%	44%	5%	1%	1%
25-29	51%	44%	4%	1%	0%
30-34	52%	45%	4%	0%	0%
35-39	52%	45%	3%	0%	0%
40-44	49%	43%	4%	4%	0%
45-49	47%	49%	4%	0%	0%
50-54	49%	48%	3%	1%	0%
55-59	52%	45%	3%	0%	0%
60 taona sy mihoatra	49%	46%	3%	2%	0%

Misitrika fisotroandronono sy fihenambidy amin'ny maha-beantitra na noho ny fananana fahasembanana	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	48%	47%	3%	1%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	50%	47%	2%	1%	1%
Lehilahy	47%	48%	4%	2%	0%
Taona					
18-19	39%	58%	3%	0%	0%
20-24	47%	47%	3%	2%	2%
25-29	52%	45%	2%	0%	1%
30-34	47%	47%	5%	2%	1%
35-39	45%	51%	4%	1%	0%
40-44	52%	44%	3%	1%	0%
45-49	46%	52%	1%	1%	0%
50-54	43%	50%	5%	3%	0%
55-59	47%	51%	1%	0%	1%
60 taona sy mihoatra	52%	44%	2%	2%	0%

Manandraatra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Ahoana izany manondrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?

Valinteny notsinjaraina araka ny maha-lehilahy na vehivavy ny olona nanontaniana sy ny sokajin-taonan'izy ireo

Manana karapanandro rehefa ampy taona (18 taona)	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	48%	48%	2%	1%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	47%	50%	1%	1%	0%
Lehilahy	48%	47%	3%	1%	2%
Taona					
Fitambarany	48%	48%	2%	1%	1%
18-19	33%	64%	0%	0%	3%
20-24	42%	53%	1%	2%	2%
25-29	51%	45%	2%	2%	0%
30-34	49%	46%	3%	2%	1%
35-39	48%	49%	2%	1%	1%
40-44	50%	45%	2%	0%	2%
45-49	47%	52%	1%	0%	0%
50-54	51%	46%	1%	0%	1%
55-59	43%	56%	0%	0%	1%
60 taona sy mihoatra	53%	43%	4%	0%	0%

Mametraka fotodrafitrasa sahaza ny olona manana fahasembanana eny amin'ny toerana ampiasain'ny besinimaro	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	47%	48%	3%	1%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	47%	49%	2%	1%	1%
Lehilahy	47%	47%	4%	1%	1%
Taona					
18-19	39%	55%	3%	3%	0%
20-24	45%	50%	3%	0%	2%
25-29	49%	47%	2%	0%	1%
30-34	49%	44%	5%	2%	1%
35-39	49%	47%	1%	1%	1%
40-44	49%	47%	5%	0%	0%
45-49	49%	47%	2%	2%	0%
50-54	43%	51%	1%	3%	3%
55-59	45%	51%	3%	0%	1%
60 taona sy mihoatra	46%	50%	4%	0%	0%

Manandraatra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Ahoana izany manandrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?

Valinteny notsinjaraina araka ny maha-lehilahy na vehivavy ny olona nanontaniana sy ny sokajin-taonan'izy ireo

Beazina amin'ny fanajana lalàna	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	47%	51%	2%	1%	0%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	47%	51%	2%	0%	0%
Lehilahy	47%	50%	2%	1%	0%
Taona					
Fitambarany	47%	51%	2%	1%	0%
18-19	49%	52%	0%	0%	0%
20-24	42%	55%	3%	1%	0%
25-29	52%	45%	3%	0%	0%
30-34	49%	48%	1%	2%	1%
35-39	49%	49%	1%	1%	0%
40-44	45%	52%	3%	0%	0%
45-49	47%	50%	1%	1%	1%
50-54	46%	53%	1%	0%	0%
55-59	45%	53%	1%	0%	0%
60 taona sy mihoatra	39%	59%	1%	1%	0%

Voasoratra anaty lisi-pifidianana ny anaran'ny olompirenena feno taona	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	46%	47%	4%	1%	2%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	47%	47%	3%	1%	2%
Lehilahy	46%	48%	4%	1%	2%
Taona					
18-19	27%	55%	9%	0%	9%
20-24	44%	48%	3%	2%	2%
25-29	49%	44%	4%	2%	1%
30-34	48%	43%	6%	2%	3%
35-39	44%	51%	1%	2%	1%
40-44	49%	44%	5%	0%	2%
45-49	45%	53%	2%	0%	0%
50-54	40%	56%	4%	0%	0%
55-59	43%	51%	3%	0%	4%
60 taona sy mihoatra	53%	46%	1%	0%	0%

Manandraatra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Ahoana izany manandrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?

Valinteny notsinjaraina araka ny maha-lehilahy na vehivavy ny olona nanontaniana sy ny sokajin-taonan'izy ireo

Tokony mahay mamaky teny sy manoratra ny olompirenena tsirairay	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	46%	48%	4%	2%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	45%	49%	3%	2%	1%
Lehilahy	46%	46%	4%	3%	1%
Taona					
18-19	46%	49%	3%	0%	3%
20-24	45%	46%	4%	3%	2%
25-29	44%	47%	5%	4%	1%
30-34	47%	43%	6%	3%	2%
35-39	47%	48%	2%	2%	1%
40-44	48%	47%	3%	1%	1%
45-49	44%	55%	1%	0%	0%
50-54	50%	41%	4%	5%	0%
55-59	40%	56%	0%	4%	0%
60 taona sy mihoatra	44%	53%	3%	0%	0%

Manana kopia hatry ny fony vao teraka	Izay no tena andrasako	Azoko ekena izany	Tsy mampaninona ahy	Tsy dia azoko ekena	Tsy azo ekena velively
Fitambarany	45%	49%	3%	2%	1%
Vehivavy/Lehilahy					
Vehivavy	47%	48%	2%	2%	1%
Lehilahy	45%	49%	3%	1%	1%
Taona					
Fitambarany	45%	49%	3%	2%	1%
18-19	46%	49%	0%	6%	0%
20-24	37%	57%	4%	2%	0%
25-29	50%	46%	2%	2%	1%
30-34	44%	50%	4%	2%	2%
35-39	47%	49%	1%	1%	3%
40-44	53%	38%	5%	2%	2%
45-49	44%	47%	3%	2%	3%
50-54	49%	49%	3%	0%	0%
55-59	43%	58%	0%	0%	0%
60 taona sy mihoatra	46%	47%	5%	0%	2%

Manandratra ny zo aman-kasin'ny olompirenena - Vokatra ara-tsokajy

Fanontaniana : Ahoana izany manandrotra ny zo aman-kasin'ny olompirenena ?

